

MAHAJANGA

# VOASAMBOTRA I "JAMAIS MORT" MPANENDAKA TENY AMIN'NY "BORD"

4

MARINA IZANY !  
MARARY NY FIRENENA ! 6

Tafa...sika 3

CLIPSE  
ENBOURG

EFA TSY  
VOAISAKO  
INTSONY  
NY TABILAO  
NAMBOARIKO



Laharana 7854 Taona faha-26 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 25 aprily 2024

www.gazetiko.mg

RODOBEN'NY MPANOHIRA 6

# MITAKY NY HAMOTSORANA NY KAN- DIDA DEPIOTE OLGA RAMALASON

KOLIKOLY  
ENY ANIVON'NY FONJA 7

"TAFAKATRA 1 TAPITRISA  
ARIARY NY TSOLOTRA  
FANAO" HOY NY TRANSPA-  
RENCY INTERNATIONAL



HAFARI MALAGASY 5  
MITAKY NY HANOLOANA  
IREO SEFO FOKONTANY  
MAMPIJALY VAHOAKA

FEPA - MPE NANISANA 15  
135 IREO MPANDRAY  
ANJARA

À L'OUVERTURE DE VOTRE COMPTE

Avec un 032 | 033 | 034 | 037 ou 038 ouvrez votre compte MVola via

2000 Ariary OFFERTS

TELECHARGEZ L'APP MVOLA SUR

Available on the App Store | GET IT ON Google Play

GCL 801/13-11

**Telma** Sois GIGA STYLE

Net 4,5<sup>GO</sup> MONTH 25 000

25 000 Ar TTC Tapez le #322\*8#

Offre valable 30 jours

RÉSEAU MOBILE LE PLUS RAPIDE DE MADAGASCAR

GCL 800/24-20

Andro maneran-tany ho an'ny Mozika Jazz

# Roa andro hivoizana ny hasin'ny fihavanana sy firaisankina



Fampisehoana mozika Jazz tetsy Analakely. (Sary tahiry)

Antananarivo (30 Avrily) any Antsirabe (01 May) no hanadray ny fankalazana. Fampisehoana iarahana'i Joël Rakotomamonjy, amin-dRy Datita Rabeson, Eric Rakotozafy, Andry Rama, Nali Rabearison, Titi Rakamiadana no hanamarika ny hetsika eto Antananarivo fampisehoana hatoa ao amin'ny amin'ny Point d'Exclamation Lounge Bar etsy amin'ny Hotel de l'Avenue Analakely.

Hankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny Mozika Jazz ny 30 Avrily izao isika ka ny Madajazzcar no mikarakara azy izay mifanindran-dalana amin'ny faha-35 taonany. Toerana roa amin'ny daty roa samihafa no hanamarihana izany dia eto Antananarivo ny 30 Avrily ary any Antsirabe ny 01 May. Voizina mandritra ny fankalazana ankoatra ny fampiroboroboana ny jazz dia eo ihany koa ny fampahafantarana ny hasin'ny fihavanana, ny firaisankina, ny fifampizarana, ny fifanajana sy ny maro hafa mifandraika amin'ny fifanampiana mba hisian'ny filaminana eto ambonin'ny tany. Ho an'ny eto Antananarivo dia etsy amin'ny Point d'Exclamation Lounge

Bar etsy amin'ny Hotel de l'Avenue Analakely no hanaovana ny hetsika ny 30 Avrily izay hanomboka amin'ny 6 ora sy sasany hariva. Tsy misy vidim-pidirana fa mila manao famandrihan-toerana mialoha. Amin'io fotoana io dia hizara roa miavaka tsara ny hetsika ka ny voalohany dia handraisan'ireo mpiangalaly mozika Jazz toa an-dRy Jazzeology tarihan'i Elie Ramasindraibe, Niaina Razafindraibe Quartet tarihin'i Niaina Razafindraibe, Quartetman an'i Manjaka Rakoto David, Mamory Jazz Band an'i Hasina Rakotoarimalala. An-drarezin'ny mozika Jazz kosa no hiaka-tsehatra amin'ny tapany farahoa. Haneho ny talentany amin'izany i Joël Rakotoma-

monjy, mahay mitendry zavamaneno maro, iray amin'ireo mpialoha lalana ny Jazz malagasy niaraka tamin'i Rahoerson, Rabeson, Andriamanoro, ... hiarahan'ireo mpitendry zavamaneno malaza eto an-toerana hitondra antsika ho any amin'ny tontolo miavaka, tsy hay hadinoina mampitambatra ny fihetseham-po. Ansian'ny hanampy an'i Joël Rakotomamonjy amin'izany ry Datita Rabeson, Eric Rakotozafy, Andry Rama, Nali Rabearison, Titi Rakamiadana. Hamarana ny fampisehoana moa i Zara Rajaona izay tsy zoviana amin'ny maro intsony. Ho an'Antsirabe dia hiarahiasa amin'ny Alliance Française Antsirabe sy ny

Lovaso4c ny Madajazzcar. Eo amin'ny Jardin Thorkild Rosàs no hanaovana ny hetsika ny 1 May izay hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Ho avy ao ireo mpanakanto miangaly ny mozika Jazz avy ao Antsirabe sy ireo ankizy mpianatra sy mpilalao mozika avy amin'ny sekoly maro samihafa.

Herbie Hancock izay mpitendry Piano jazz sady mpamoron-kira ho Masoivohon'ny Dinika Iraisampirenena ao amin'ny UNESCO, dia nanambara ny fikasany hamorona io andro iraisampirenena io hankalazana ny andraikitra ny jazz ho fitaovana diplomatika. Manaiky ny jazz ho toy ny fanoitra amin'ny fampivoarana ny fifanaka-lozana ara-kolontsaina, ny fifankahazoana ary ny fifandeferana ny UNESCO. Tamin'ny Novambra 2011, taorian'ny fanapahan-kevitra faha-187 noriasain'ny komity mpanatanteraka no nanambarana fa ny 30 Aprily no andro iraisampirenena ho an'ny Jazz.

Tiaray R

Fifaninanana "Dancehall" - "7 to smoke"

## Loka miavaka no atolotry ny SK Association ho an'ny mpandresy

Zavakanto ny "Dancehall". Maro ny tanora no voasarika aminy na dia avy any ivelany aza no niantombohany. Sady fialamboly ny fitaizam-batana ihany koa izy ary anisan'ny ainga iray hiadiana amin'ny fandraisan'ny tanora zava-mahadomelina sy ny fisotroana toaka. Tsy ho vitan'ny olona kely hery sy mora reraka mantsy ny Dancehall noho izy mampiasa angovo betsaka. Izany indrindra no nahatonga ny SK Association mikarakara fifaninanana mandihy "dancehall". Ny alahady 28 Avrily izao manomboka amin'ny 1 ora tolakandro no ho tanterahina eny amin'ny La Fabrik etsy Andraharo ny fifaninanana mandihy izay hanaasan'izy ireo ny ray mpankafy mandihy sy ny Ray amandrenin'ireo ankizy handray anjara amin'ny fifaninanana mba hijery ny herijakanjanany. Hiavaka ny loka ho zaraina amin'ny mpandresy amin'ity andiany ity ka ny voalohany amin'ny isan-tarika dia lelavola 150 000 Ar miampy "tee-shirts Freestyler" raha 50 000 Ar miampy "tee-shirts Freestyler". Mpandray anjara maro avy any amin'ny faritra



Fifaninanana Dancehall tamin'ny andiany teo aloha.

maro eto Madagasikara no handray anjara amin'izany. Araka ny fanazavan'i Dimby Nambinitsoa nandritra ny resaka nifanoavana taminy omaly maraina dia ny raikipohy "battle 1 Vs1" sy "Battle" ho an'ny isan-tarika na vondrona no hifaninanana. Fantatra ireo mpitsara Ho an'ny "1vs 1" dia fidirana roa samihafa no hitsarana azy ireo ary aorian'izay dia hivoaka avy hatrany ny mpandresy. Ho an'ny isan-tarika na vondrona izay tsy mihoatra ny 8 dia "Battle" mandritra ny 40 minitra no hitsarana azy ireo. Fepetra maro samihafa no takiana amin'ny mpifaninanana ka anisan'ny jerena amin'izany ny fototra ny dihy, ny teknika, maha izy azy ny dihy, firindrana ary ny

fikajiana ny elanelan'ny mpandihy ho an'ny mpifaninanana isan-tarika. Anisan'ny hampiavaka ity hetsika amin'ny Alahady ity ny fampisehoana dihy hifanandrinan'i Thierry ZL sy Jack'Dad izay samy kalaza lahy eo amin'ny "Dancehall". Ankoatra izay dia Mijo Rabemananjara i Dimby Nambinitsoa no hitantana sy hanolotra ny lanonana rehetra. Efa fantatra daholo ihany koa aloha ireo hitsara ity fifaninanana ity ka anisan'izany i Thierry Z.L, Mijo Jhn ary René Farnési. Fa eo ihany koa ry Bboy Tahx Tahx Arison, Bboy Nazire Eric. Efa nislotena an'i Madagasikara niatrika fifaninanana tany France i Eric tamin'ity fifaninanana ity.

Tiaray R

Tarika Black Jack's

## Hanomboka amin'ny volana mey ny hetsika fahatsiarovana an'i Delacre

"Mba tandremo kely lesy" ! Io hiran'i Black Jack's io no hoentiny zanany sy ireo mpikambana amin'ny tarika ankehitriny, hitondrana ny hetsika ho fahatsiarovana azy. Hotanterahana mandritra ny taona izany, araka ny fanazavan'ny tomponan-draikitra, ka etsy amin'ny efitrano malalaky ny O2, Immeuble Aloe Antanimena no hanombohana izany. Araka ny programa efa mipetraka, ny zoma 17 mey 2024, amin'ny 7 ora hariva no hanatontosana ilay fampisehoana hahatsiarovana an'i Black Jacks. "Ny datin'ny 18 mey no mitsingerina ny taona nahaterahany (73 taona raha teo izy). Tokony ho natao ny 18 mey ilay hetsika fa no ho ny antony maro samihafa dia naroso ny zoma, izay zoma mahafinaritra rahateo », hoy ihany ny fanazavana. Ankoatra ny tarika Black Jacks, ho tonga hifanotrona amin'izy ireo i Batata & Co. Manana ny gropiny manokana mihitsy ankehitriny i Batata, izay hiarahany amin'ny ekipa hafa. Izay hiarahany amin'ny vinantony sy mpikambana vitsivitsy ao amin'ny Iraisampirenena. Tsy midika anefa izany fa miala



Izy no efa nandao antsika fa ny kantony lovain'ny taranaka mifandimby. tao amin'ny Iraisampirenena izy, fa ohatran'ny ankamaroan'ny mpikambana amin'ny tarika rehetra misy eto amintsika. Zanany faralahy Araka ny fanazavana, i Billy, zanak'i Black Jacks faralahy no mandimby ny rainy amin'ny maha filohan'ny tarika sady mpihira azy. Hamelona ireo hiran'i Black Jacks efa fantatry ny maro hatramin'izay sy izay mbola tsy nivoaka mihitsy ny tarika. Ato ho ato, hisy ny rindran-tsary vaovao ahitana an'i Billy sy ny ekipany mivazo ny hiran'ny tarika hatramin'izay. Voalaza fa manodidina ny 400 mahery any ny sanganasan'i Delacre efa nivoaka ary hoentiny-dry Billy sy ny ekipany miakatsahatra mandritra ity taona 2024 ity. Taona natokan'izy ireo hahatsiarovana an'i Black Jacks ary efa maro maro ny daty mipetrake amin'izany. Amin'ny ankapobeny, saika hetsika anaty efitrano mihaja avokoa no hanatanterahana azy aloha hatramin'izao. Fa holazainay miandalana eny ihany mikasika ny fandraharam-potoanan'izy ireo. Fy

## Tafa...sika

Clipse Enbourg

## "Efa tsy voaisako intsony ny tabilao namboariko"

Vehivavy malagasy, mpiangaly graffiti, anisan'ny malaza maneran-tany i Clipse.

Firenena maro no efa nitondrany ny kantony manerantany (Frantsa, Dubai, Maorisy, ...).

Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :



**Gazetiko** : Clipse Enbourg. Tena anaranao ve io ? Iza no tena anaranao ? Dia inona no nahatonga anao hisafidy io anarana io ?

**Clipse** : "Clipse Enbourg (anarako eto amin'ny tambajotran-tserasera, pejy manokana). Mbolatiana L. RAOILISON ny tena anarako fa Clipse Teean ny anarako ampiasaiko amin'ny maha mpanao graffiti, art plastique sy design ahy. Ilay Clipse anarana nomen'ny ankizy ahy tamin'izaho mpianatra fa izaho mantsy somary mifanafina izay hono no tsy hita foana. Fa raha hazavanaina tsotsotra io dia hoe "j'aime m'éclipser". Ilay Teean avy amin'ny anarako hoe Mbolatiana dia nalaiko tao ilay Tiana= Teean".

**Gazetiko** : Inona no azo hilazana ny hosodoko ataonao ireny ? Ianao ve izany amin'ny rindrina ihany no manao sary sa mety daholo izay lafika ampiasaina ? Firy izao ny tabilao efa vitanao ? Firy metatra ny rindrina avo indrindra nanaovanao sary ? Taiza ny tabilao na sary tena hoe nanahirana anao indrindra ny nanamboatra azy ? Inona ny sarotra tao anatin'izay ?

**Clipse** : « Ao anatin'ny street art sy art contemporain ny asa kantoko. Mampiasa lafika maromaro izaho fa tsy rindrina ihany, moto, mobilier, sneakers, cartons, lamba, plâtre, akanjo, fiara, v toiles, fitaratra ... izany hoe izay azo hametrahana loko eo ambony. Mbola tsy nandoko lamasinina na métro izaho. Raha tabilao, izany hoe sanganao atao amin'ny lamba, tena tsy voaisako fa anaty fampirantiana manokana iray izao izaho manao tabilao eo amin'ny 12 eo ho eo amin'ny ankapobeny. Misy ihany koa ny manao kaomandy na mampanao asa atao amin'ny lamba ; na koa anaty live paintings na koa izay nataoko fanomezana, tena tsy voaisako fa maro.

Ny rindrina Avo indrindra 9m teo angamba ny ahavony, fa ny halavany no misy lava beeee. Nisy ny nanahirana ahy ny fanatanterahana azy. Tsy ilay handoko ilay Graffiti no olana

fa ilay hazo boarao natohitohy nitazonana tohatra vita amin'ny aliminioma dia nitongilana nefa tsy maintsy natao izay tsy hampihetsika azy, ka nampiasa tady be dia be. Nisy olona nitazona fa somary nangovingovitra ihany, fa vita e ! Graffiti nataoko tany Itaosy, hahatsiarovana an'i Vahombey io. Faharoa indray izaho narary voan'ny harerahana be sy niampy alerzia tany Mananjary tany anaty ala-na kana, firofo, ... Ilay rindrina amin'io 7m x 25 tsy maintsy novitaina tao anatin'ny 5 andro satria izaho mila mody hanao fampirantiana. Izaho tsy maintsy manao maska mandoko, nefa isika ny mihetsika mipotsaka ny leloko, dia vao miakatra eo amin'ny 2 m dia midina mamafa lelo, miverina miakatra indray. Fanitelony, ilay nampiasa plâtre de Paris fampirantiana niarahana gropy : la nouvelle Terre tao amin'ny Hakanto Contemporary. Nampianatena nampiasa an'ilay izy ho havoaka graffiti. Sady mora vaky raha mifandiso ny fihetsika sy ny fametrahana ilay singa tsirairay ».

**Gazetiko** : Mba tantarao hoe ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao amin'ny toerana misy anao ankehitriny ? Nianatra ve ianao sa efa dons ilay talenta ?

**Clipse** : "Niainga tamim' ny Graffiti 100% izaho, avy eo nanao graffiti sur toiles, miampy design (design avec mes styles de graffitis). Taty aoriana nanao fampirantiana teny antsefatsefany teny, festival de street art, Talks, formations, workshops échanges, sy ny maro hafa. Nisy koa ny fiarahamiasa be dia be niaraka tamim' ny artista mpanao graffiti sy tsy ao anatin'ny graffiti koa, fiarahamiasa amin'ny Fondation, olon-tsotra, orinasa, ONG, Institutions, artista mpihira, mpanao slam, ny artista ao anatin'ny tontolon'ny Hiphop na avy eto an-toerana na iraisam-pirenena. Ny fianarana nataoko, momba ny Géographie Humaine, izany hoe ny momba ny tanan-dehibe. Fa raha ny asakanto indray, nampianatena sy niampy fiofanana kely maromaro vitsivitsy. Somary mifanipaka ihany ilay fianarana nataoko

sy ilay zavakanto nosafidiko tany am-boalohany fa avy eo miaraka ihany".

**Gazetiko** : Nitondra inona tamin'ny fiainanao ny talentanao ? Inona no lafiratsiny, inona no lafitsarany ? Inona no olan'ny mpanatalenta toa anao eto amintsika ?

**Clipse** : "Nampianatra ahy zavatra maro ny zavakantoko. Nahafahako nampitombo ny namana sy fahalalana. Nanampy ahy ahafantatra be be kokoa ny mety sy tsy mety amiko eo amin'ny lafiny maromaro. Misy lafiny ratsy sy tsara foana moa ny zavatra rehetra fa mila mahay mandanjalanja ny zavamisy na eo amin'ny samy olombelona na eo amin'ny fahaiza-miaina eo amin'ny samy olona sy fiarahamonina. Ny olana angamba eo amin'ny Fivezevezena indraindray sy ny fotodrafitr'asa, ankoatra izany ny fitaovana sasany mila manafatra any ivelany fa tsy misy eto ».

**Gazetiko** : Inona no torohevitra omenao raha te hanao zavakanto ohatran'ny ataonao ? Mahavelona ve io asanao io ? Inona ny asanao ankoatra ny talentanao io ?

**Clipse** : "Mila faharetana, mila mahay ny fototra ny graffiti, mila mianatra indrindra indrindra fa tsy hoe hoe artista dia handeha ho azy io fa na ny manao tombam-bidin'ny zavatra atao aza ilaina fahaizana. Raha tsy hay dia manantona olona mahay momba an'izay ohatra mba hanoro. Tsy menatra ny manontany, mianatra foana na manao fiofanana fotsiny aza. Mila mahatoky tena fa hita foana io raha misy zavatra tsy mivoaka ny zavatra atao. Tamin'ny taona 2000 aho no nanomboka, fa mbola eto foana aho 2024 noho ny fitahian'Andriamanitra. Noho izany, toy ny olona miasa rehetra, matoa mbola eo amin'ilay asa angamba dia mahavelona. Ankoatra ny fanaovana graffiti, Urbaniste aho na koa hoe City Planner ».

Dinika nifanaovan'i Fy

PETITES ANNONCES **Gazetiko**

## MIVIDY

\* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-19)

\* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojao-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-12)

## A VENDRE

\* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1<sup>er</sup> plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-7)

## COURS

\* Cours de massage 3 jours assuré par des professionnels. Tél

: 034.39.292.03. (G-BA 809/10-2)

\* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 808/4-2)

## FAMPIANARANA

\* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-2)

## VIDANGE

\* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA803/20-12)

\* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue,

puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 807/6-6)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 807/6-6)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 807/6-6)

## SERVICE

\* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 806/6-6)

## MITADY ASA

\* Mitady asa eo amin'ny lafin'ny informatika na animatrice studio. Tél : 034.22.060.03. (G-BA 810/1)

Mahajanga

# Voasambotra i "Jamais mort", mpanendaka teny amin'ny "bord"

Taorian'ny fanendahana nataon'izy ireo ity rama-toa iray teo amin'ny "Bord" no nahatrarana azy ireo.

Mampitaraina ny maro tokoa ny firongatry ny fanendahana sy ny sintomahery teny amin'ny amorondranomasin'i Mahajanga na eny amin'ny "bord", izay toerana mahasrika olona maro tokoa indrindra fa rehefa takariva iny. Tsy ny

eny ihany anefa fa ahitana izany ihany koa ny eny amin'ny "Avion-Mangarivotra". Manoloana izany dia nisy ny hetsika nataon'ny polisy ao Mahajanga hisamborana ireo olon-dratsy. Nahitam-bokany izany satria voasambotra ny faran'ny herinandro teo ilay jiolahy fantatra amin'ny anarana hoe "Jamais mort" niaraka amin'ny namany roa lahy. Tsy hay hoe tena tsy mety maty tokoa ve ilay zalahy ity sa ahoana ? Taorian'ny fanendahana nataon'izy ireo ity ramatoa iray teo

amin'ny "Bord" no nahatrarana azy ireo. Niantso vonjy avy hatrany ilay ramatoa. Tsy lavitra teo ny polisy ka tonga dia nisambotra ireo mpanendaka. Mbola tratra tany amin'ireto mpanendaka ireto avokoa ny poketra nisy vola niaraka tamin'ny finday ka efa naverina amin'ny tompony.

**Lasibatra ny mpianatra** Ataon'ireo mpanendaka lasibatra hatramin'ireo mpianatra handeha hamonjy sekoly vao maraina ihany koa, toy ny ao amin'ny fokontany Fiofio. Alain'izy

ireo avokoa, izay hita any amin'ireo mpianatra toy ny finday sy vola. Anisan'ny toerana fanaovan'ireo mpanendaka ny asa ratsiny ihany koa ny eny amin'ny manodidina ny "Avion-Mangarivotra" raha ny fana zavàna hatrany. Mpivarotra iray no nodarohan'ireo jiolahy sady norobainy vao tsy ela akory. Voasambotra ny iray tamin'ireo jiolahy raha tafatsoaka kosa ny namany. Mbola mitohy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana.

Tsiroanomandidy

# Mpanakan-dàlana 3 lahy voasambotra, mpamily 1 maty notifiriny



Ireo jiolahy voasambotra !

Nisesisesy ny fanafihan-jiolahy tany amin'ny faritr'i Tsiroanomandidy iny tato ho ato. Vao tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo iny no nisy kamiao mpanangombokatra norobain'ny jiolahy. Ny Talata alina teo dia andiantarety hikarama any Tsiroanomandidy indray no lasibatra'ireo jiolahy. Etsy andanin'izany, efa manao ny ezaka rehetra hamongorana ireo mpanao ratsy ny zandarimariampirenena ao Tsiroanomandidy. Araka ny angom-baovao voarain'ny zandary dia jiolahy mpanakan-dàlana sy mpandroba fiara telo lahy no voasambotra. Nisy ny velpandrika nataon'ny zandary ka nahafahafana nisambotra

azy ireo. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa anisan'ny namono nahafaty mpamily iray ny 11 Aprily lasa teo ireto jiolahy ireto. Tonga dia norafan'ireo jiolahy tamin'ny tiffira variraraka ny fiara nentin'ity mpamily ity ka tamin'izany no naha-voatiffira azy. Voarohirohy tamin'ny fandrobàna fiara mpitety tsena tao Antsahatanteraka, kaominina Ambatolampy ihany koa ry zalahy ireto. Atolotra ny Fampanoavana avy hatrany izy telo lahy ireto acorian'ny famotorana ataon'ny zandary.

Ry zalahy ireto ihany

koa no nandroba ireo

fiara mpitety tsena tao

Antsahatanteraka.

Noraisina ny fepetra

Manoloana ity firongatry ny tsy fandriampahalemana any Tsiroanomandidy ity dia nandray fepetra ny teo anivon'ny mpitandro filaminana hisorohana izany. Hoan'ny fiara mpitety tsena dia tsy maintsy mivondrona amin'ny toerana iray mialoha ny hiaingana ary misy mpitandro filaminana miaraka amin'izy ireo. Ny fiara tsy manaraka izany dia tsy mahazo miainga raha tsy mazava ny andro. Hoan'ny kamiao mpanangombokatra indray kosa dia tsy afaka miainga intsony raha tara ny amin'ny 6 ora hariva ny fahatongavana eo amin'ny barazin'ny zandary ao Ankadinondry fa miandry maraina indray ary miaraka maromaro mitanjozotra mihazo, izay faritra na kaominina aleha. Tokony miezaka mamonjy, izay toerana ahitana tobain'ny zandary hatrany raha vao taraihy hariva fa tsy mandeha alina. Raha avy any amin'ny lalan'i Maintirano indray kosa dia tsy mahazo mandeha intsony raha vao tara ny amin'ny 5ora hariva ny fahatongavana ao Mahatsinjo, izay misy ny barazin'ny zandary fa miandry ny ampitso amin'ny 5ora maraina vao mahazo manohy ny dia ary miaraka maromaro foana ireo fiara. Hoan'ireo sarety hikarama any Bongolava indray dia mandeha tsitelotelo izy ireo ary manisy elanelana 50 \*metatra vao misy andiany telo hafa manaraka ary toy izany hatrany. Tsy mahazo mandeha alina fa tsy maintsy matory raha tratra hariva ary mampilaza ny tomponandraikitra.

Boriziny

# Zazakely 2 taona maty taraiky tao anaty trano may

Nitrangana hain-trano nahatsiravina indray tao Tsaramandroso-Boriziny ny Alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 11ora antoandro. Trano miisa efatra no indray levon'ny afo tao anatin'ny fotoana fohy ka lavenona sisa tavela. Zazalahikely vao roa taona monja ihany koa no namoy ny ainy, izy taraiky tao anaty trano may. Araka ny fanazavàna azo, niainga tao amin'ny tokantrano iray ny afo, izay afonkitay avy amin'ny fatana nandrahoana sakafo. Nahazo ny trano izay ka nampirehitra azy ary vetivety dia nihatratra tamin'ireo trano teo amin'ny manodidina. Saika trano vita avy amin'ny satrana ireny avokoa moa izy ireo ka tsy nisy noraisina intsony fa lasa lavenona niaraka tamin'ireo entana tao anatiny. Voalaza fa



Ireo trano may !

kambana ity zaza namoy ny ainy ity. Ny renin'ireo zaza ireo sy ny zanany ihany no tao an-toerana tamin'io. Ilay zaza iray teny an-trotron-dReniny fa ny iray kosa natory tao an-trano. Nikoro-

paka avy hatrany izy raha nahita ny firehetan'ny trano ka tsy voavonjiny intsony ilay zaza natory tao an-trano satria vetivety ny fiitaran'ny afo, izay nanenika ny trano iray manontolo. Niezaka

niantso vonjy ihany izy kanefa saika efa lasa tany an-tsaha avokoa ny ankamaroan'ny mponina tamin'io. Trano miisa efatra nifanakaiky no fantatra fa may.

## TATSY SY TAROA

# **Omby enina nangalarin'ny dahalo tao Amparihimanga, kaominina Faravohitra, distrikan'i Faratsiho** ny alin'ny Alatsinainy lasa teo. Tsy henon'ny tompony akory ny namoahan'ireo dahalo ny omby tao am-bala fa efa maraina vao samy taitra ny rehetra. Mbola mitohy manao ny fanarahan-dia ireo dahalo

ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana any an-toerana amin'izao.

# **Vehivavy iray no maty novonoin'ny vadiny vokatry ny hasarotam-piaro tao Amborona- Vohémar.** Raha ny fanazavàna azo dia notsatohan'ilay rangahy ny antsy ilay vadiny ka izay no nahafaty azy. Nitsoaka

nandositra ilay rangahy taorian'izany ka mbola karohina hatramin'izao satria tsy hita ny nanjavonany. Vao sivy amby roapolo taona ilay ramatoa.

# **Nitrangana lozam-pifamoivoizana namoizana ain'olona indray tamin'ny lalam-pirenena faha-44 iny ny Talata teo tao Ankazo-**

tsaravalo- Ambatondrazaka. Fiara tsy mataho-dàlana iray no nifandona tamin'ny môtô. Mpivady ireo nitaingina ilay môtô ka maty tsy trà-drano ilay rangahy raha naratra mafy kosa ilay ramatoa. Mbola manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly ity farany amin'izao.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Boriziny

# Fatin-dehilahy feno ratra hita teny amin'ny sisin-dalana

Ilay lehilahy irery araka izany no nitondra ny sarety nody tany an-tanàna ka nandritra izany no tsy fantatra mazava izay zava-niseho.

Lehilahy iray 34 taona feno ratra no hita faty tany amin'ny toerana antsoina hoe Andavakabe lalana mankany Antafiambato any amin'ny distrikan'i Boriziny afakomaly tokony ho tamin'ny 6 ora hariva. Teny amin'ny sisin-dalana no nahitana ny fatin'ity lehilahy ity. Nitondra sarety izy tamin'io ka nahitana pitika rà teo amin'io sarety io. Ny marainan'io, niaraka tamin'ny vadiny nandeha nankany an-tanimbary ity lehilahy ity ary nitondra sarety izy ireo tamin'izany. Rehefa vita ny asa aman-draharaha tany dia nandeha nody tany an-tanàna izy ireo ny hariva. Rehefa tonga teo amin'ny tafiana Bemarivo anefa dia nifamaly mivady ireo. Tsy fantatra mazava aloha izay votoatin'ny fifamaliana teo



Ny fatin'ilay lehilahy

amin'ny roa tonta fa araka ny fanazavana dia nodarohan'ilay lehilahy ilay vehivavy. Dia nalefany tany amin'ny renirano Bemarivo niaraka tamin'ny daka.

Tafaporitsaka

Tafaporitsaka ihany moa ravehivavy avy eo ary lasa nandositra nody nankany an-tanàna dia nandeha nivantana avy hatrany tany amin'ny sefo fokontanin'izy

ireo tany Andohomby nitan-tara ny zavatra nanjo azy. Ilay lehilahy irery araka izany no nitondra ny sarety nody tany an-tanàna ka nandritra izany no tsy fantatra mazava izay zava-niseho fa rehefa teo anelanelan'ny Antafiambato sy Andohomby no nahitana io fatiny feno ratra teo amorondalana io satria nisy namono ralehilahy. Ny omby sy

sarety kosa dia nizotra nankany amin'ny tranony ihany. Efa nampandre-sina mikasika ny zavaintranga ny zandary ka tonga nanao fizahana ifotony tany amin'ilay toerana. Hatreto dia tsy mbola fantatra ny olona nahavanon-doza. Mitohy ny famotorana ataon'ny mpitandro filaminana.

T.H

Hafari malagasy

# Mitaky ny hanoloana ireo sefo fokontany mampijaly vahoaka

Misy ireo sefo fokontany tsy manao ny asany ara-dalàna ka takian'ny Hafari Malagasy ny hanoloana azy ireo. « Mitaky tsy misy fepeetra ny fanoloana ny sefo fokontany tsy nahavita ny andraikiny hatramin'izay sy nampijaly vahoaka izahay satria maro izy ireo no manodinkodina ny fanampiana nomena an'ireo olona ireo, manao kolikoly amin'ny fakana taratasy fanamarinam-ponenana ary misy tsy omena taratasim-panjakana ny olona. Tena minainaina ireo mponina indrindra ao amin'ny boriborintany fahefatra. Tsy rariny intsony ny zava-misy fa tena latsa-danja amin'ny boriborintany hafa ity boriborintany fahefatra ity», hoy Rafanomezantsoa Jean Nirina, filohan'ny Hafari Malagasy. Fa nandritra ny famoriana mpanao gazety izay nataon'ity farany omaly ihany koa dia nanambara ny fikambanan'ny Hafari Malagasy fa mikasika ity fifidianana solombavambahoaka ity dia manohana ny kandida miaraka amin'ny filoha Andry Rajoelina izay milatsaka ao amin'ny boriborintany fahefatra izy ireo. « Ny solombavambahoaka no misolo tena akaiky tokony hiaro sy hanasoa ny vahoaka. Raha ao amin'ny boriborintany fahefatra anefa dia tsy nanana ray aman-dreny nitarainana izahay nandritra izay fotoana ela izay ka mitombo be ireo olona manana fahasahiranana. Ao anatin'izany boriborintany fahefatra izany ihany koa dia be dia be ny tsy fandriampahalemana, tsentsina ny lalan-kely sns, ka maro no antony hanohanany ireo kandida hilatsaka ho solombavambahoaka ao amin'ny boriborintany fahefatra ireo izay manohana ny Filoha mba hanatontosa ny adidy aman'andraikiny rehetra eto amin'ny firenena», hoy hatrany ity filohan'ny fikambanan'ny Hafari Malagasy ity.

T.H

Namorona-Manakara

# Zaza 3 taona maty nodarohan-drainy



Ilay raim-pianakaviana nahavanon-doza.

Namoy ny ainy vokatry ny herisetra natao azy Razanajety Francinah, ankizy vavy 3 taona, monina ao amin'ny Fokontany Valanady kaominina Ambanivohitra Namorona, Distrikan'i Manakara. Ilay rainy niteraka azy ihany no nahavanon-doza niafara amin'izao fahafatesana izao, ny talata lasa teo. Daroka sy vono no nanaovan'ilay raim-pianakaviana an'ity zanany vavy ity. Izany hoe herisetra ara-batana. Araka ny angom-baovao voarainay dia kapoka sy daka no nahazo azy, araka ny voalazan'ilay raim-pianakaviana ihany. Nambaran'ity nahavanon-doza ity hatrany fa tsy fahananiany no nanao io zavatra io fa nisy zavatra nisarona taminy nahatonga azy nahatanteraka io asa ratsy io. Mbola tsy fantatra araka izany ny mety ho niatombohan'ny zava-nitranga. Efa voasambotry ny mpitandro ny filaminana ilay rangahy amin'izao fotoana izao ary mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Ny razana ihany koa efa tsy nentin'ny fianakaviany ao amin'ny tanana atao hoe Valananady. Rehefa nojerena dia tsy nahitana fery na dian-java-maranitra ilay nofo mangatsiaka. Tsy misy mpiasan'ny fahasalamana any an-toerana ka ireo zandary niaraka tamin'ny mpitondra any ifotony no nanao ny fitsiriana, hoy ny loharanom-baovao. Misokatra ny fanadihadiana raisin'ny Zandarimariam-pirenena ao Namorona.

Deyland

Besalampy

# Olona roa maty noho ny hasarotam-piaro, nisy voatsatoka antsy sy voatifitra

Olona roa no namoy ny ainy tao amin'ny tanana atao hoe Anosibe kaominina Marovoay atsimo distrikan'i Besalampy ny andron'ny talata lasa teo. Vao naharay ny antso ny Zandary dia nanao ny fidinana tany an-toerana, nanao ny fanamarinana ny zava-misy. Nony tonga tao amin'io tanàna io dia teo no nahalalana fa nanana sipa i Rabe, mpoina ao Nosibe ka Njara no

anaran'io vehivavy io. Vao tsy ela anefa izy ireo no nisaraka. Telo herinandro taorian'izany dia nanambady ilay lehilahy. Ny sipany ihany koa lasa niala azy ka niaraka amin'ny sakaizany taloha antsoina hoe Zenevé izay monina ao amin'io tanàna io ihany. Ny alin'ny alahady lasa teo anefa dia tonga tampoka tany an-tranon'ireo sakaizany ireo ilay lehilahy. Tratrany tao izy

roa ka avy hatrany dia nitsatohany antsy ilay rafilahiny io. Teo amin'ny tendany no nahazo ilay antsy. Ny ampitson'iny no nentina haingana teny amin'ny hôpitaly CSB2 ao Marovoay atsimo izy saingy tsy tana ihany ny ainy noho ny ratra sy ny rà very taminy. Henon'ny dadatoan'ilay namoy aina izany tranga izany. Lasa ihany koa izy nitady an'ilay nahavanon-doza. Namaly

faty an'io zana-dralahiny io ihany koa izy ka nikaroka an'ity namono nahafaty azy ity. Tratrany tao anaty trano ihany koa io ary notifiriny tamin'ny basy. Maty tsy trandro voatifitra moa ny sakaizan'ilay vehivavy. Izany hoe olona roa no namoy ny ainy tamin'ity raharaha ity. Hatreto dia mbola tsy hita ilay nitifitra ary mandeha ny fikarohana azy.

Deyland

Toamasina

# Trano hazo fitehirizana fitaovana may tsy nisy noraisina

Nisehoana hain-trano omaly maraina tany Salazamay any amin'ny distrikan'i Toamasina. Trano hazo iray no nirehitra tamin'io fotoana io ka tsy azo noraisina intsony vokatr'izany. Ny afo efa nidedaka no hitan'ny olona avy ety ivelany ka nandray andraikitra avy hatrany izy ireo nifandrimbona nanao ny famonoana. Na izany aza anefa dia may tsy nisy azo raisina ny trano fitehirizana fitaovana fanamboarana trano. Araka ny fanazavana dia nilaza ilay olona niambina io trano io fa rehefa avy nahandro vary



Tsy nisy noraisina intsony ilay trano hazo.

izy dia novonoiny ny afo ary lasa nandeha nividy sira izy avy eo. Mbola tany ampandehanana nandeha nividy

T.H

Rodoben'ny Mpanohitra

# Mitaky ny hamotsorana ny kandida depiote Olga Ramalason

“Atsaharo ny fanenjehana ny kandidan'ny mpanohitra amin'io fifidianana solombavambahoaka io mba tsy hisian'ny korontana”, hoy io elatry ny mpanohitra tarihan'Ing. Marc Ravalomanana io.

Tsy niandry ela fa omaly ihany dia namoaka fanambarana mahakasika ny fampidirana am-ponja vonjimaika an-dRtoa Olga Ramalason, kandidan'ny vovonana politika Firaisankina any Antsirabe I ny teo anivon'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. Sokajian'ireo lohandohany eo anivon'io elatry mpanohitra tarihan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana io tao anatin'izany fa fanenjehana politika izao mahazo ny kandida tohanan'izy ireo izao, ka takian'izy ireo ny hamotsorana tsy misy hataka andro azy. “*Nametraka antontan-taratasy filatsahan-kofidiny toy ny kandida rehetra izy, ary efa nahazo laharana tamin'ny fisarihandàharana. Koa mahavelompanontaniana ny rehetra ny hoe inona no ao ambadik'izao fisamborana, ankatoky ny fiatrehana fifidianana Solombavambahoaka izao? Manelingelina ve izy amin'ny maha Kandida azy?*”, hoy izy ireo tamin'izany. Dia ry zareo lohandohan'io vovonan'ny mpanohitra io ihany no namaly ireo fanontaniana napetrany ireo tao



anatin'izany. “*Mazava be fa amin'izao ankatoky ny fifidianana izao dia ambadiaka politika ny fisamborana kandida*”, hoy ireo tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, nisy ny hafatra nentin'ireo mpikamban'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara tamin'izany. “*Hisian'ny fitoniana, dia manao antso avo izahay : Atsaharo ny “fanenjehana” kandida. Miantso ny Société Civile izahay, hiara-miasa amin'ny fampanjakana ny demokrasia. Miantso ny Fianakaviam-be Iraisampirenena koa izahay, hijery akaiky ny toe-draharaha eto Madagasikara. Amin'ny maha Kandida ofisialy andramatoa Olga Ramalason, dia miantso ny CENI izahay hijery akaiky izao raharaha izao. Takianay ny fanajanonana ny kajikajy politika*”

anaovana “*élimination*” ny Kandida alohan'ny fifidianana. Takianay ny famoahana tsy misy hataka andro azy. “*Nametraka antontan-taratasy filatsahan-kofidiny toy ny kandida rehetra izy, ary efa nahazo laharana tamin'ny fisarihandàharana. Koa mahavelompanontaniana ny rehetra ny hoe inona no ao ambadik'izao fisamborana, ankatoky ny fiatrehana fifidianana Solombavambahoaka izao? Manelingelina ve izy amin'ny maha Kandida azy?*”, hoy izy ireo tamin'izany. Dia ry zareo lohandohan'io vovonan'ny mpanohitra io ihany no namaly ireo fanontaniana napetrany ireo tao

ponja vonjimaika eny Antanimora avy hatrany izy taorian'izany. Raha ny fanazavana nentin'ny depiote Hanitra Razafimanantsoa, izay tonga teny Antanimora nijery ny zava-nisy dia vesatra niampangana andRtoa Olga Ramalason ka nampidirana am-ponja vonjimaika azy izao ny raharaha fivarotana tany, izay voalaza fa nataony sonia tany amin'ny taona 2008/2009 tany, fony nahaben'ny tanàna azy tao Antsirabe Ambonivohitra. Marihana, fa ankoatra ny naha minisitry ny varotra tamin'ny fitondrana tetzamita sy Senatera TIM tamin'ny fitondran'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina dia Sekretera Jeneralin'ny Rodoben'ny Mpanohitra mandraka ankehitriny ihany koa Rtoa Olga Ramalason.. Mamy R.

Famonjana vonjimaika an'i Olga Ramalason

## Mampibaribary ny mizana tsindrian'ila

Mbola mitazona ny sain'ny mpanara-baovao ny fampidirana vonjimaika eny amin'ny fonjan'Antanimora ny ben'ny tanànan'Antsirabe teo aloha sady kandida solombavambahoaka, mirotsaka amin'ny anaran'ny Vovonana Firaisankina ao Antsirabe I. Araka ny loharanom-baovao akaiky io minisitry ny varotra sady efa loholon'i Madagasikara teo aloha io dia fiantsoana tsotra no nataon'ny fitsarana, ny talata teo tokony ho tamin'ny 9 ora teoandro ary rehefa niandry adimpamataranandro maro dia tamin'ny 4 ora tolakandro no nampahafantarina fa hotazonina vonjimaika any amponja. Tranga ambaran'ireo akaiky an-dRtoa Olga Ramalason fa mampibaribary ny mizana tsindrian'ila, amin'ny fanapahankevitra raisin'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny fitsa-

rana. Misy minisitry teo aloha sy olom-boafidy kandida, amin'ny 29 mey mantsy no efa nantsoin'ny PAC, tamin'ny fotoan'

**Minisitry teo aloha sy olom-boafidy, samy efa nantsoin'ny fitsarana, saingy tsy voalingelina ny filatsahan-kofidiny.**

androny noho izy ireo voarohirohy tamin'ny raharaha samihafa. Saingy hatreto tsy nisy tohiny izany fiantsoana izany. Ny mahakasika ny kandida ho solombavambahoaka any Antsirabe voalohany anefa, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia raharaha nitranga, tany amin'ny dimy ambony folo taona lasa, tamin'ny fotoana nahaben'ny tanànan'Antsirabe azy izao fongarina izao.

**Avy aiza ny baiko !**

Hatramin'ny omaly aloha dia mbola tsy nahazoam-

baovao mari-potra ny hoe: Iza no tao ambadika nanome baiko ? Ny ambaran'ny mpanohana azy fotsiny dia misy ambadika pôlitika ny

raharaha. Antony, mampiahahy ny hoe: Nahoana no amin'izao fotoana izao no hetsehina ny raharaha izay nitranga tamin'ny fotoana nahaben'ny tanàna azy ? Nahoana no tsy tamin'ny taon-dasa, fotoa na niantsoan'ny Zandary azy no nasiana tohiny ny raharaha ? Ny fiampangana ny ben'ny tanàna teo aloha ho nanao hosoka sy nanampatra fahefana, mahakasika ny tanin'ny kaomina izay raha araka ny lalàna dia sokajiana ho heloka tsotra. Ny dikany, tokony efa lany paikandro. Araka ny

loharanom-baovao akaiky io kandida io dia efa miomana amin'ny fangatahana fahafahana vonjimaika ny olona arovany ny mpisolovava na dia fantatra fa tsy ho mora ny ahatongavana amin'izany. Voalaza fa tsy voasoratra tao anatin'ny taratasy nampidirana vonjimaika azy any m-ponja ny daty hiakaran'ny raharaha hiampangana azy amin'ny fitsarana. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa amin'ny maha kandida ofisialy andRtoa Olga Ramalason dia azo fidiana ny tenany, amin'ny 29 mey na dia tsy afaka manao fampielezankevitra aza, raha toa ka mbola tazonina am-ponja. Ny tranga nihatra tamin'io kandida io izay azo antoka fa miteraka ahiahy ihany koa amin'ny mpifaninana hafa, ankoatry ny kandidam-panjakana.

V.R.

## Marina izany !

### Marary ny firenena !

Tsy nanao antso an'efitra ny namolavola ny fanasana ilay atrikasa, notanterahina teny Besarety. Filohampanjakana teo aloha, praiminisitra teo aloha, manampahaizana manokana momba ny lalàna ; mpahay lalàna sady mpampianatra lalàna ; minisitry teo aloha ; manamboninahitra jeneraly misotro ronono ; avarapianarana ...no namaly ny antso. Nikaon-doha ireo oloben'ny firenena naneho ny heviny, araka ny fahaizany sy ny traikefany avy, noho izy ireo mahatsiaro fa marary ny firenena ary mila fanasitranana. Mahatsiaro fa dieny izao dia tokony tadiavina ny vahaolana sao tara loatra. Anisan'ny noresahina tamin'io fotoana io fa tsy misy intsony eto amintsika ny fanjakana tan-dalàna; miseho lany ny tsindry samihafa atao amin'ny mpitsara ; ampiasaina animbazimbana ny zon'olombelona ny lalàna, mahazo vahana ny fampiasan-kery... Notsiahivin'ny mpahay lalàna ny fanapahan-kevitra noraisin'ny teny Ambohidy, nanala tsy ho solombavambahoaka intsony ny filohan'ny Antennimierampirenena teo aloha fa tsy manara-dalàna. Ireo fomba fanaon'ny mpitondra ireo mitambatambatra dia tsy hiteraka fitoniana sy filaminana eto amin'ny firenena satria miharihary loatra fa tsy mitovy ny fampiharana ny lalàna amin'ny samy olom-pirenena. Ny mateti-pitranga mantsy dia tsy maty manonta ny akaiky ny mpitondra, raha anamparana fahefana sy anaovana antsojay tsy amin'ny antony kosa ny tsy mitovy hevitra amin'izy ireo. Io atrikasa notanterahina teny Besarety io izany no fampanenoana lakolosy fanindroany nataon'ny olobe eto amin'ny firenena, mba hamerenana an'i Madagasikara ao anatin'ny tany tandalàna sy hisorohana ny valifaty pôlitika, rehefa mivadika indray ny rasa !

Voahangy Rakotozafy

## Depiote Todisoa Andriamampandry Nanamboatra lalàna 800 metatra teny Ambodimita



Nirotsaka an-tsehatra nanampy tamin'ny fanamboarana ny depiote Todisoa.

Tsy diso anjara amin'ny tetikasa fanamboaran-dalàna mitsinjo ny vahoaka avy amin'ny depiote Todisoa Andriamampandry ireo mponina eny Ambodimita. Taorian'ny teny Ambaravarankazo sy Ambodihady ary Ambodivona-Ambohimanandray dia nahavita lalàna mirefy 800 metatra teny Ambodimita ihany koa io olomboafidy TIM io. Notsipihany tamin'izany fa na dia tsy asan'ny solombavambahoaka aza ny manao fotodrafitrasa tahaka izao dia tsy hainy, amin'ny maha olom-pirenena azy, ny hitzampotsiny ny fahasahiranam-bahoaka noho ny haratsian'ny lalàna teo amin'izany toerana izany teo aloha. « *Nirevo tao anatin'ny fotaka sy rano ny mponina Ambodimita nampiasa iny, indrindra tamin'ny fotoan'ny orana. Ankehitriny, faly izy ireo satria efa natomboka ary ho vita tsy ho ela ireo lalàna ireo* », hoy hatrany ny depiote Todisoa tamin'izany. Raha ny fanazavana, ankoatra ny fanampiana avy amin'ireo mpiara-miombona antoka dia volany madiodio no nentina nanatanteraka ny ampahany betsaka tamin'io fotodrafitrasa mamaly ny filan'ny vahoaka io. Marihina fa nidina ifotony nijery ny kalitao sy ny fizotran'ny famaranana ny asa teny Ambodimita ny depiote Todisoa tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Nandritra izany no niangaviany ny vahoaka mba hikojojo izao fotodrafitrasa vao namboarina izao sy nilazany fa tsy ho diso anjara amin'izany ny fokontany hafa. “*Maro ny asa vita fa mbola maro ihany koa no hiarahantsika manatanteraka*”, hoy ny depiote Todisoa tamin'izany. “*Tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy ary firaisankina no hery*”, hoy hatrany izy namarana ny tenany.

Mamy R.

### Kolikoly eny anivon'ny fonja

# “Tafakatra 1 tapitrisa Ar ny tsolotra fanao”, hoy ny Transparency International



Manampy trotraka ny olana sedrain'ny voafonja ny kolikoly amin'ny endriny samihafa.

Mahatsikaritra io firaisamonim-pirenena io fa ankoatra ny eny amin'ny hôpitalim-panjakana, dia anisan'ny toerana anjakan'ny fanambakana, amin'ny endriny mihaja eny am-ponja.

Miainga amin'ny vokatry ny fanadihadiana nataon'ny sampan'ny Transparency International eto Madagasikara dia hita maso, fa tsy mba miaina ny kolikoly amin'ny endriny samihafa, eny anivon'ny fonja. Voalaza tamin'izany fa tsy mila fanadihadiana lalina akory, fa mamangy voafonja eny an-toerana fotsiny, dia mahita ny fomba fambotrian'ny mpiambina ny fonja sasantsasany ny fianakavian'ireo tazonina eny. Ny zavatra tsikaritra, hoy hatrany io firaisamonim-pirenena misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly io, dia hafa ny fihetsika ataon'izy ireo raha manao fitafiana mihaja na miaraka maromaro ny mpamangy ary hafa kosa

ny fihetsiny raha olona tsotsotra sy somary miahotrahoatra no manoloana azy ireo. «Ambony ny tahan'ny kolikoly eny anivon'ny fonja malagasy ny taona 2023. 75% amin'ireo voafonja teo aloha nohadihadina no nilaza fa ny fanomezana tsolotra no isan'ny trangana kolikoly mateti-pitranga eo anivon'ny fonja. Manodidina ny 40.000 hatramin'ny 1 tapitrisa ariary ny vola miodina amin'izany resaka kolikoly», hoy ny Transparency International tamin'izany. Ao anatin'izany reheotra izany, tsy ny olom-pirenena tsotra irery ihany intsony no mahatsapa fa tsy zava-baovao fa azo lazaina ho efa raiki-tampisaka eny amin'ireny toerana irery ny kolikoly ary samy mametra-panontaniana ny rehetra hoe nahoana no tsy sasatra anefa ny mpiaro ny zon'olombelona no mampahafantatra ny tompon'andraikitra ny zava-misy eny anivon'ireny fonja irery.

**Manaratsy endrika**  
Santonany amin'izany ny fandoavana vola, rehefa hamangy ny voafonja ny havany ary efa misy sarany

mipetraka mihitsy. Toy izany koa raha te-hijanona elalela hiresaka amin'ny havany ny fianakaviana dia mbola vola amboniny koa izay. Sarany hafa ihany koa raha any anaty birao fa tsy mitambabe no mifampiresaka ny voafonja sy ny fianakaviana. Ary ny tena nanaitra, araka ny fijoroana vavolombelona nataon'ny mpamangy dia aman'aliny maro no aloan'ny voafonja raha te-hiriaria ety ivelany izy ireny ary miverina any am-ponja ihany rehefa hariva ny andro. Mbola tsy resahina ny olana sedrain'ny voafonja raha marary, satria dia dingana maro no tsy maintsy arahina vao afaka mitsabo tena ety ivelany. Hany ka misy amin'izy ireo no maty any am-ponja. Tranga izay heverina fa tokony handraisany minisitara mpiahy sy ireo sampandraharaham-panjakana mitarika ny ady amin'ny kolikoly fepetra satria sady manaratsy endrika ny mpitondra no mampitondra faisana ny fianakaviana efa sahirana amin'ny fikarakarana ny havany migadra.

**Mbola lavitra ny lalana**  
Raha tsiahivina, isan'ny

laharam-pahamehana napetraky ny mpitondra ankehitriny ny hiady amin'ny kolikoly sy ny fandikandalana. Nanamafy izany ny tale jeneralin'ny Bianco, raha vao nandray ny fitantanana io sampandrandraha io. Ny zava-misy eny ankianja anefa hatreto no ahafahana milaza fa mbola lavitra ny lalana, raha tsy hiresaka afa-tsy ny zava-misy eny amin'ireny fonja ireny. Ny tsikaritra aloha tao anatin'izay herinandro maromaro izay, dia am-perinasa manatanteraka fidinana ifotony sy tampotampoka eny anivon'ny Fonja ny Minisitara mpiahy mba hijerena akaiky ny olana sedrain'ny voafonja vokatry ny fahateran'ny trano itazonana azy ireo sy ny fitarazohan'ny fiakaran'ny raharaha iampangana azy ireo eny amin'ny fitsarana ary ny mety ho endrika kolikoly eny. Andrasana araka izany ny ho fiantraikan'ny ezaka ataon'ny minisitara mpiahy eo amin'ny fiainan'ny voafonja eto Madagasikara, amin'ny ankapobeny sy ireo voalaza fa endrika kolikoly miha mahazo vahana eny.

Mamy R

## Mangataka tolo-tanana

### Marary mafy niditra hopitaly i Judd mpanao gazety

Tsarharivony Judicael, fantatry ny maro amin'ny hoe Judd, mpanao gazety matihanina mikirakira vaovao politika ato amin'ny Gazette. Tao anatin'ny herinandro vitsivitsy izao, tratan'ny aretin'ny tsy fahombiazan'ny voa (insuffisance rénale) izy ary efa niditra hopitaly teny Befelatanana. Vokat'izany, tsy maintsy manao « dialyse » in-telo isan-kerinandro izy satria efa miantraika any amin'ny tsy fahampian'ny ra ilay olana ara-pahasalamana. Noho ireo fitsaboana samihafa natao tao anatin'izay fepotoana izay, miha ritra ny eo am-pelatanan'ny fianakaviany. Araka izany dia mangataka tolo-tanana amin'izay rehetra tsara sitra-po ny tenany na ara-bola na ara-moral, indrindra ny vavaka hanampy azy amin'ny fitsaboana. Raha fanampiana ara-bola no hatao dia azo arotsaka amin'ny kaonty Mvola 0342793060 amin'ny anarana Judicaël na amin'ny «compte bancaire BNI» laharana 71931000001-52, izay foin'ireo malala-tanana. Tolorany fisaorana mialoha sahady izay rehetra hamaly izao fangatahana tolo-tanana izao.



### Antenimierandoholona amerikana Nankato ny fanampiana 61 miliara dôlara hanampiana an'i Ukraine



Santonany amin'ireo fitaovam-piadiana fandefasana bala afomanga eo amin'ny adin'i Ukraine sy Rosia.

Nankatoavin'ny Antenimieran-doholona amerikana ny fanampiana mitentina 61 miliara dôlara ho an'i Ukraine. Ny ampahany amin'io vola io dia hamatsiana fitaovam-piadiana an'i Ukraine eo amin'ny ady ifanaovany eo amin'i Rosia. Ny ampahany kosaentina fanampiana eo amin'ny fanarenana ny toekaren'ity firenena ity. Misy amin'io fanampiana io ihany koa no ampindramina, izany hoe haverina, saingy mety hofafana ihany avy eo. Nankasitrika ny amerikana sy ny filohan'ny Antenimierandoholona ny filohan'i Ukraine Zelensky tamin'izao fanampiana izao. Marihina fa efa somary mihena ny herin'ny tafik'i Ukraine tao ho ao izay vokatra ny tsy fahampian'ny fitaovam-piadiana eo am-pelatanany. I Rosia koa anefa etsy andaniny milaza fa tsy hampiova zavatra eo amin'ny ady ifanaovany amin'i Ukraine akory io fanampiana io.

L.R.

## TOLOTRA MANOKANA *Gazetiko*

Noho ny fahatrarany Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo “Petites annonces” izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny “Petites annonces”.

*“Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.”*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*


Anarana :

Fanampiny :

Adiresy :

Nomerao C.I.N :

Tél. :

Atsimo Andrefana - Harena an-kibon'ny tany

## Notohizana tao Belalanda ny adihevitra

Nahafantatra ny zony sy ny tombontsoany ao anatin'ny tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ny vahoaka.

Manao tohivakana ny fanatanterahana famelabelaran-kevitra mikasika ny zo sy andraikitra amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tarihin'ny tetikasa Taratra, avy amin'ny Fiombonamben'ny Eveka katolika, ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Taorian'i Benetsy, dia ny kaominina Belalanda, distrikan'i Toliara II, indray no nandray ity famelabelaran-kevitra ity tamin'ny 19 avrily lasa teo. Tonga maro nandray anjara ireo mponina tao amin'ny kaominina ity sy ny avy amin'ny kaominina Maromiandra. Niadiana hevitra tamin'io fotoana io ny ady amin'ny fahantrana, ny zo, ary ny andraikity ny fanjakana sy ny mpitrandraka harena an-kibon'ny tany. Nandray anjara tao anatin'ny famelabelaran-kevitra ny avy amin'ny prefektioran'i Toliara, ny fitantanan-draharahan'ny harena an-kibon'ny tany, ary ny fiarahamonim-pirene "Justice et Paix". "Tratra ny tanjona tamin'ity andiany ity, satria mihafantatra ny vahoaka ny tetikasa Taratra tamin'ny alàlan'ireo fanentanana natao. Aminay manokana, zava-dehibe ny hahafantarany ny vahoaka ireo zo sy andraikitra ao anatin'ny teti-



Liana tamin'ny famelabelaran-kevitra sy adihevitra ireo mpandray anjara.

kasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Ny fifampiresahana no lalana tsara indrindra rehefa misy ny ahiahy sy ny tsy fifankazoana amin'ny tetikasa iray.", hoy Ralahy Emmanuel, mpandrindra ny tetikasa Taratra.

### Afa-po

Anisan'ny novelabelarina tamin'io fotoana ny mikasika ny zo iombonana, izay miompana amin'ny tombontsoan'ny daholobe raha tsy hilaza afa-tsy ny fananganana fotodrafitrasa toy ny sekoly, ny tetezana, sns. Noresahina kosa ny zo manokana rehefa mahakasika ny isam-batan'olona ny tetikasa toy ny tany tafiditra anatin'ny faritra iasan'ny tetikasa, izay handraisany ny tompony vola fanonerana. Nohazavaina tamin'ireo mpanatrika anefa fa ilaina ny fanarahandalàna mba hahazoana io tombontsoa io, dia ny fananana antontan-taratasy

fanamarinana mazava sy ara-dalàna. Nilaza ho afa-po tamin'ny fanazavana azony ireo mponina ary mbola nahazo fahalalana fanampiny mikasika ny tombontsoa tokony ho azo amin'ny tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany toy ny tamberim-bidimpitrandrakana miverina amin'ny kaominina. Ireo vahoaka eny ifotony araka izany no erany na hiarahiasa amin'ireo manampahefana sy mpitrandraka na tsia. "Tokony hahay hifanaraka amin'ireo tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ireo mponina eto amin'ny distrikan'i Toliara II fa tsy ny eto Belalanda sy Maromiandra ihany. Miantso ireo mponina mba hifanaraka amin'ireo manampahefana sy mpitrandraka. Tsy tena fantatry ny vahoaka ireo tombontsoa mety ho azony amin'ny tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Ireo tsaho

momba ny aretina no tonga any aminy. Kanefa, matoa ny fanjakana nanome fahazoan-dalana dia midika izany fa tsy mitombona ireo tsaho ireo.", hoy Jean, solontenan'ny mponina ao Belalanda. Mbola nohamafisin'i Fédia Rodine, solontenan'ny mponina avy ao Maromiandra, fa "Tsy tokony hanaiky handairan'ny honohono ny vahoaka. Tokony miandry ny fanazavana avy amin'ireo manampahefana, satria ny tombontsoan'ny daholobe hatrany no imasoan'ny fanjakana. Raha ny hevitra dia tsy tokony hitsipaka ireo tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany isika, satria maro ireo tombontsoa mihodina ao, indrindra fa ny tombontsoan'ny daholobe". Mbola hotohizana any amin'ny kaominina hafa ao amin'ny distrikan'i Toliara II ity famelabelaran-kevitra ity.

R. Muray

Fitsirihana ara-ketra

## Nifampidinihana tamin'ireo mpahay kaonty

Matetika miteraka fifanolanana eo amin'ireo mpandraharaha sy ny sampandraharahan'ny hetra ny fitsirihana ara-ketra. Omaly teny Anosy, nisy ny atrikasa niarahan'ny DGI, na ny Foibem-pitondrana ankapoben'ny hetra, sy ireo mpahay kaonty mivondrona ao anatin'ny holafitra OECFM (Ordre des Experts Comptables et Financiers de Madagascar). "Raha natao biby fampitahoarana ny sampandraharahan'ny hetra tany aloha dia efa niava ankehitriny. Tsy miasa ho an'ny fampidiran-kevitra ihany fa manampy ireo orinasa amin'ny fandraharahana ataony. Tsy afaka miololonona samy irery ny DGI. Ireo mpahay kaonty rahateo dia anisan'ny mpiaramiomona antoka voalohany aminay noho izy ireo mikirakira ny kaontin'ny orinasa. Aleo mifampihaino mba hisian'ny fitovian-kevitra sy hisorohana ny fomba fijery tsy mitovy. »,



Nampitovy tadin-dokanga.

hoy ny tale jeneralin'ny hetra, Germain. Teboka 19 no niarahan'ny andaniny sy ny ankilany nifampidinihana tamin'io andro io, izay mahakasika ireo pitsopitsony amin'ny fitsirihana ara-ketra.

### Lalàna

Anisan'ny nambaran'ireo mpahay kaonty mampisy tsy fitovian-kevitra matetika ny fampiharana ny lalàna. Noraisina ohatra tamin'izany ny sehatrasa BTP, na

ny tao trano sy ny asa vaventy, izay tsy tokony horaisina ao anatin'ny fitsipika ankapobe rehefa manao ny fanamarianana ara-ketra fa jerena any amin'ny sehatra tokony hisy azy mihitsy. "Ny orinasa no manao ny kaontiny, araka ny voafaritry ny lalàna momba ny raharaham-barotry ny orinasa, izay mbola takian'ny fehezandalàna ankapoben'ny hetra. Anjaranay matihanina kosa ny manamarina ny kaonty

raha mifanaraka amin'ny PCG (Plan Comptable Général) 2005 na tsia, ary manome fanamarinana aorian'izany. Efa elabe no nisian'ny fiaraha-miasa tamin'ny sampandraharahan'ny hetra. Ny fisian'izany fifampitokisana izany dia antoka ho an'ny fanatsarana ny fampidiran-kevitra.", hoy ny sekretera jeneralin'ny OECFM, Razakamahefa Hajanirina. Noho ny fiarahamiasan'ny roa tonta ohatra dia efa nihatsara ny kalitaon'ny filazalazana ara-ketra tao anatin'ny "e-bilan", satria tsy maintsy mandalo ambany mason'ireo mpahay kaonty ny kaontin'ny orinasa vao mankany amin'ny sampandraharahan'ny hetra. Andrasana aorian'ity dinika ity ny fanatsarana ny kalitaon'ny fitsirihana ara-ketra mba hisorohana ny disadisa. Mbola hotohizana amin'ny lafiny fanitsiana ara-ketra kosa ny dinika amin'ny manaraka.

R. Muray

## Taratasy ho an-dRamala

### Zoma !

Any Ramala, Hahita zava-baovao indray ianao eto an-tanàna eto manomboka rahampitso Ramala. Zavabaovao inona moa izany, ary nahoana no zoma ? Misy dikany manokana ve Ramala ny andro Zoma ? Fa inona no mampiavaka ny zoma amin'ny andro hafa ? Lé, miavaka tokoa izy raha ho an'ny olona sasany izay mivavaka sy manamasina azy io. Kanefa toa tsy izay ilay zava-hitanga eto an-tanàna eto Ramala. Marina fa vao tsy ela akory izay dia narantrantany teto an-tanàna teto tokoa Ramala ireo ravaka nanaingoana ny arabe sy ny ampovoan-tanàna, izay tafiditra ao anatin'ny fotoana nankalazana ny fetin'ireo olona voalazanao fa mivavaka sy manamasina ny andro zoma ireo. Raha tena misy ifandraisany amin'izany mantsy dia tokony ho hafahafa kokoa ny zavatra hitanga sy ho hitan'ny masonao rahampitso Ramala. Na izany aza mba misy zavatra tiana hisarihana ny saina sy hoeritretina ihany ity Ramala. Toa efa hatrany amin'ireo mpiray tanindrazana amintsika na zoky raiaman-drenintsika tany aloha mihitsy anie Ramala no nanome dikany manokana ny andro zoma e ! Tsy lavina aloha fa nomena dikany daholo ny andro tsirairay teo amin'izy ireo. Misy ny andro natokana fisantarana raharaha, misy ny andro nolazainy aza fa fady. Fa ny andro zoma kosa izany natokana fanaovana inona teo amin'izy ireo ? Hono ho'aho Ramala ! Sao dia mba mpihavana amin'ny razamben'izay namorona ny fivavahana sy nanamasina ny andro zoma àry isika ity, mba tsy hanaovana hoe taranany mihitsy ? K'ahoana àry no nihavian'ilay hoe « Ny akoho tsy nanidina, hono, tsy nahandry ny andro zoma ! » Avelao any aloha izany sao dia lasa lavitra ny resantsika Ramala ka adino ny tena vontootiny. Ny tiana hambara dia ny zavatra hitanga rahampitso, izay tsy inona fa ny tsema. F'angaha moa tsy efa misy tsema hatramin'izay eto an-tanàna eto Ramala ? Tsy vitan'ny hoe misy tsema fa toa tsema foana aza anie ny andro rehetra é ! Marina fa misy tokoa ny tsema, saingy lasa nivadika tsema koa Ramala ny arabe eto an-tanàna eto. Ary sao dia izany aza Ramala no nahatonga ny manampahefana eto an-tanàna eto hanao fandaminana vaovao ka nanapaka fa isaky ny zoma ihany no mahazo mivarotra ireo mpivarotra eny amin'ny sisin'arabe ireny ary mitohy ny sabotsy sy ny alahady izany. Efa misy ny toerana voafaritry natokana hivarotan'izy ireo amin'izao. Raha izany anie Ramala ka tsy misy idiran'ny resaka fivavahana mihitsy ity raharaha ity satria amin'ireo andro ivavahana ho an'ny mpino sasany mihitsy no anaovana ilay tsema e ! Ao ny mivavaka zoma, ao ny mivavaka sabotsy, ao ny mivavaka alahady. Fa hono ho'aho Ramala ? Sao dia mba te hamerina ilay nantsoina hoe « Zoma » tamin'ny andro taloha kosa ireto manampahefana eto amin'ny tanàna ireto ? Ho an'izay mbola nahatratra sy nahatadidy mantsy Ramala dia andro zoma no natokana ho an'ny tsema teto an-tanàna teto, hany ka natao hoe Zoma mihitsy ny anaran'io toerana fanaovana tsema eto ampovoan-tanàna eto io. Inona moa no maharatsy izany raha hampilamina zavatra ilay izy Ramala. Asa aloha izay hitanga amin'io rahampitso zoma io Ramala. Mbola hanavao mantsy izao ny olona, indrindra ireo efa zatra nanao « hitsin-dalana ». Toa hoe ny zavatra hitany tany Andafy tany vao haingana anie Ramala no tian'ny manampahefana hampiharina eto amin'ny tanàna eto e ! Ny any amin'ireo Vazaha sasany any Andafy ireo aza anie Ramala ka indray mandeha isan-kerinandro ihany no misy tsema an-kalamanjana sy tafolanitra toy ny mahazatra eto amintsika io e ! Tsy vitan'izay indray fa misy an'izany hoe : rehefa tonga ny ora voafetra dia ravàna ny tsema, tonga avy any ireo mpanadio tsema ka tondrahan'izy ireo rano amin'ilay fantsona be iny miaraka amin'ny fiarabe entiny ny toerana sy izay mbola taraiky eo ! Efa lava dia lava izay Ramala f'aleo angaha hofaranana amin'izay aloha ny androany, ho hita eo ihany ny tohiny.

Ragasy



Fiteny malagasy

“Tsy omena ny lanja mendrika azy eto amin’ny taniny”



Pr Randriamarotsimba Vololona, tomponandraikitra ny Ivon-toeram-pikarohana SDDL.

“Hita tamin’ny fikarohana izay nataonay eto anivon’ny SDDL na Sociétés Dynamiques des Langues en contact et Didactologie” fa tsy omena ny lanja saha sy mendrika azy eto amin’ny taniny ny fiteny malagasy. Ohatra akaiky azo raisina amin’izany ao amin’ny tontolon’ny fampianarana, ny teny malagasy natao hoentimampianatra ho an’ny taona voalohany sy faharoa ary ny taona fahatelo hatramin’ny ambaratonga ambony ny teny frantsay no enti-mampianatra. Manahirana izany satria izay no iainan’ny ankizy sy hitan’ny ray aman-dreny ka izay no antony mahatonga azy ireo tsy manome lanja ny teny malagasy.” hoy ny Pr Randriamarotsimba Vololona, tomponandraikitra ny Ivon-toeram-pikarohana SDDL.

Misy tokoa mantsy fikaonan-doha iraisam-pirenena izay natomboka omy ary haharitra hatramin’ny 26 aprily 2024 etsy amin’ny ENS Ampefiloha. Sady tafiditra ao anatin’ny fanamarihana ny 20 taona nijoroan’ny SDDL ihany izany hetsika izany. Mpampianatra mpikaroka sy mpianatra manao fikarohana maro avy eto an-toerana sy avy any ivelany no hizaran ny voka-pikarohany momba ny lohahevitra : “Fanantoloana sy fahamaroan-teny eo amin’ny sehatry ny fanabeazana, fiarahamonina, asa ary amin’ny isam-batan’olona. Fijery marolafy.” Misy vela-kevitra 63 harahina mandritra ireo telo andro ireo miaraka amin’ny loa-bary an-dasy hiadiana hevitra momba ny lanjan’ny teny eo amin’ny tontolon’ny fanabeazana, ny fiofanana ary ny tontolon’ny asa eto Madagasikara. Mandray anjara amin’izany fikaonan-doha iraisam-pirenena izany ny univertsity samihafa eto an-toerana toa an’Antananarivo, Antsiranana, Toamasina, Mahajanga, Fianarantsoa, Toliara, ny avy ao Afrika izay ahitana an’i Algérie, Maroc, Cameroun, Togo, Congo Brazaville, Afrika Atsimo, ny avy any Eorôpa izay ahitana ny fandraisan’anjara an’i Frantsy sy Allemange ary ny avy ao amin’ny Nosy rahavavy La Reunion sy Maoris. Ny fahamaroan-teny dia toy isika eto Madagasikara, mifanerasera eto ny fitenim-paritra sy ny malagasy ofisialy, ny fiteny frantsay, ny anglisy, mandarin izay no tena mifanerasera ka mahatonga ny SDDL hijery ny fiantraikan’ireo. Anisan’ny vahaolana ny fanokafana amin’ny zaza dieny mbola kely ny fahamaroan-teny mba hahitany fa manandanja ny fiteniny fa tsy ambanin’ny hafa. Mahita ihany koa isika rehefa mandehandeha eny fa ny fiarahamonina tsy manome lanja mihitsy toy ireny afisy mipetaka eny izay amin’ny fiteny vahiny. Ny ray aman-dreny ihany koa faly sady manery ny zanany hiteny frantsay. Ahoana moa no hanomezana lanja ny fiteny malagasy eto amin’ny taniny raha izany no hita eny amin’ny fiarahamonina. Mila zarina tsara ny ankizy sy ny mpikirakira teny mba tsy hahatonga azy ireo ho anjorom-bala amin’ny fahamaroan-teny. Tsy midika anefa izany fa miolonolona isika fa mifanerasera tsara amin’ny fiteny hafa.

Nath

Tahirim-bola maitso

Mila mamorona tetikasa afaka vatsiam-bola i Madagasikara

Anisan’ny tetikasa efa nahazo famatsiam-bola ny tetikasa niarahana tamin’ny Conservation International sy ny Fida.

Notanterahina tetsy Anosy omy ny atrikasa fandrafetana ny tetikasa sy programa iarahana amin’ny tahirim-bola maitso na Green Climate Fund. Araka ny fanazavan’i Lovakanto Ravelomanana, mpandrindra ny BNCCRED Red+ eo anivon’ny minisiteran’ny tontolo iainana sy fampandrosoana lovainjafy : “Zava-dehibe ho an’i Madagasikara ny hahafahana misitraka famatsiana avy amin’ny tahirim-bola maitso momba ny fiovan’ny toetr’andro. Isika mantsy dia anisan’ny firenena marefo indrindra manoloana ny fiovan’ny toetr’andro, ny fandraisan’anjara amin’izany fiovana izany kely dia kely raha oharina amin’ireo firenena mandroso. Rariny isika raha misitraka izany.” Efa maro ireo tetikasa nahazo famatsiam-bola ka anisan’izany ny niarahana tamin’ny Conservation International sy ny Fida. Tany amin’ny tapany atsinanan’ny Nosy ohatra, misy ny tetikasa “Paysage de l’Est de Mada-



Misy ny atrikasa hamoahana tetikasa hahazoana famatsiam-bola avy amin’ny tahirim-bola maitso.

gasgar” izay nanatanterahina asa ho natao hiarovana ny ala mitroka ny entona karbona mba hanalefahana ny fiovan’ny toetr’andro manerana an’izao tontolo izao fa tsy hoe eto amintsika ihany akory. Tsy izay ihany fa misy ihany koa ny fanampiana ireo mpamboly eny ifotony satria tsy afamisaraka ny ala sy ny olona ka rehefa ampiana izy ireo dia tsy manimba ala intsony. Mahatsapa ny maha zava-dehibe ny ala ny olona ka izy ireo indray no miaro sy mitrandro ny maha zava-dehibe ary mikajy ny ala. Ampianarina ohatra ny

olona hanao arina fandrehitra izay mikajy kokoa ny ala indrindra amin’ny fomba fandorana ny hazo sy ny fambolena hazo azo ampiasaina amin’izany. Torak’izay ihany koa ny fakana sakafo mba sady afaka mitrandraka no miaro ny olona. Ny firenena no mangataka sy mametra ny zavatra ilainy ka tsy maintsy amin’ny alàlan’ny tetikasa azo vatsiana vola no hahazoana izany famatsiam-bola izany. Ny fandrafetana izany no mahatonga ny FAO miditra an-tsehatra satria efa manana ny traikefa sy fahaiza-manao ary tohana


ara-pitaovana izy ireo ho fanampiana an’i Madagasikara. Mba tena tetikasa mitombona sy azo vatsiana vola no haroso satria efa tafakatra hatrany amin’ny 135 tapitrisa dolara hatreto ny fanampiana azon’i Madagasikara tamin’ity Tahirim-bola maitso ity. Marihina fa ny firenena vaventy dia tokony hanampy antsika satria isika anisan’ny mitondra faisana amin’ny fampiasan’ireo mandroso teknolojia izay manimba ny tontolo iainana ka mitarika amin’ny fiovan’ny toetr’andro.

Nath

Unicef sy Axian

Vonona hiara-kiasa ho amin’ny fampandrosoana

Mandritra ny fitsidihan’i Etleva Kadilli, Talem-paritry ny Unicef eto Afrika tapany atsinanana sy atsimo eto Madagasikara, nisy ny fihaonana notanterahiny tamin’ny vondrona Axian izay notanterahina teny Andraharo. Fifanaraham-piaraha-miasa mifantoka bebe kokoa amin’ny fampandrosoana maharitra an’i Madagasikara sy Afrika ary ny fahaizana miatrika no vontoa-tin-dresaka tamin’izany. Tanjona ihany koa ny hanatrarana ny ODD izay hifarana amin’ny 2030 ka samy tomponandraikitra amin’izany ny rehetra na sehatra miankina amin’ny fanjakana na tsia. Mbola betsaka tokoa mantsy ezaka ilana fiarahamiasa mba hahafahana manatsara ny zava-misy ary indrindra hanafoana ny fahantrana izay mipaika saika ho isambaravarana amin’izao. Nandritra io fotoana io ihany koa no nitaterana ny zava-misy sy ny fiarahamiasa efa ataon’ny roa tonta ary indrindra hitadiavana tetikasa azo atao satria ny sehatra tsy miankina dia mitana andraikitra goavana amin’ny fam-



Nitafa mivantana tamin’ireo tanora mianatra ao amin’ny Campus 42 ny talem-paritry ny Unicef eto Afrika tapany atsinanana sy atsimo.

pandrosoana ny firenena iray. Nandritra ny fifampidinihana, voaresaka tao ny fahaizana miatrika, fiarovana sy ny fanampiana ireo zatovovavy hahaleo tena ary indrindra ny fanohanana ireo fianakaviana mandalo sedra sy olana noho ny ady sy ny voina voajanahary sy ny maro hafa. Nanazava ny antom-pisian’ny Unicef indrindra ho amin’ny fampianajana ny zon’ny ankizy sy ny maha zava-dehibe ny asan’ny sehatra tsy miankina aty Afrika amin’ny fanantontosana ny asany. Noraisina ohatra amin’izany

ny fahafahan’ny vondrona Axian hanamafy ny fifandraisana ohatra. Ny Axian kosa tetsy ankilan’izany nizara ny andraikitra fototra sy ny antom-pisian’izy ireo dia ny mahakasika ny “Impact & Sustainability” sy ireo asa maika. Voatanisa nandritra io fihaonana io ihany koa ny zavatra azo atao sy ny olana mety hitranga amin’ny fiarahamiasan’ny sehatra tsy miankina sy ny gvernementa ary ny vondrona iraisam-pirenena. Misy ny asa azo atao avy hatrany amin’ny famaliana ny antson’

ny sekretera jeneralin’ny firenena mikambana mba hanavotana ny ODD sy hijerena ireo teboka mila hatevenina mba hijerena fiarahamiasa amin’ny sehatra anatiny sy rezionaly. Nifanaraka ihany koa ny Unicef sy ny Axian fa hisy ny fitsidihina eny ifotony mba hijerena ny asa azo atao sy ny fanatanterahina izany mba hanatrarana ny tanjona. Taorian’ny fihaonana, nijery ny campus 42 eto Antananarivo izy ireo, izy ity izay sekoly voalohany eto Madagasikara mampianatra maimampoana ny tontolo manodidina ny Kaody ary noforonon’ny AXIAN niaraka tamin’ny tambajotra Iraisam-pirenena 42. Afaka nifampitafa tamin’ireo tanora mpianatra izay andiany voalohany mianatra ao izy ireo. Amin’ny alàlan’ny fiarahamiasa eo amin’ny Unicef, mieritreritra ny Axian fa hitohy ny fiarahamiasa izay miantraika mivantana amin’ny vahoaka malagasy sy afrikanina ary indrindra hanamafy ny asan’izy ireo ny fanatrarana ny tanjon’ny fampandrosoana maharitra.

Nangonin’i Nath

TSIAHY / TSIARO

Edmond Robert na "Nahoda"

"Fitiavana amin'ny fo tanteraka ny filalaovam-baolina kitra fahiny"

Raim-pianakaviana 56 taona, sangany tamin'ny filalaovana baolina kitra teto amintsika fahiny, ary efa miorim-ponenana tanteraka atsy amin'ny nosy Seychelles amin'izao fotoana izao i Edmond Robert, nantsoin'ny maro tamin'ny solon'anarana hoe "Nahoda". Miasa tena, manambady teratany amin'io firenena io, niterahany efatra mianadahy ka misasaka ny lahy sy vavy. Raha mampitaha ny ekipam-pirenena tamin'ny fotoan'andro nilalaovany sy ny Barea de Madagascar amin'izao fotoana izao ny tenany, dia nambarany tamin'ny teny mahitsy tsy miolankolaka fa : "Tsy misy itovizana ny Barea de Madagascar sy ny Club M na ny Scorpions de Madagascar. Barea de Madagascar na manao "mise au vert" na manao lalao ara-pirahalihiana ao Madagasikara dia mipetraka amin'ny hotely kintana dimy. Ny Club M, izay nilalaovako dia nipetraka tao amin'ny Centre d'Accueil Ambohindahy, na teny amin'ny foibe fampianarana Baiboly teny Mandriamboro, na teny amin'ny hotely Ambatonakanga na Ampefiloha. Fitiavana tamin'ny fo tanteraka no nilalaovanay baolina fahiny. Sakafo tena Malagasy no nohanina fa tsy misy bandy miaingitra mihitsy tamin'izany. Eny fa

na dia ny mpilalao matihainina tany La Réunion aza dia nihinana an'izany koa. Tsy fantatray izany nanao ara-pirahalihiana, nanoman-tena, tany ivelanay izany, tsy toy ny nataon'ny Barea de Madagascar". Raha fehezina ny tiany ho lazaina dia manantombo amin'ny lafiny rehetra ny ekipam-pirenena amin'izao fotoana izao, izay noderainy ny ezaka ataon'ny mpitantana ny federasionina. "Tany amin'ny faritany izahay no nanao lalao fanomanantena taloha. Rehefa mivoaka any ivelany dia tsy misy vola betsaka omen'ny federasionina. Zara raha mahazo 10 na 20 dolara. Raha misy ambiny dia aleonay zaraina ny vola. Tsy matory any amin'ny hotely fa eny amin'ny seranam-piaramanidina. Tena mafy ny nahazo fa tsy mora. Ny vintana tsy mitovy ka tsy azo iadiavana".

Tsy mba nandalo "Ecole de Foot"

Nanomboka tamin'ny fahazany izy dia efa nankafy baolina kitra. Nanaraka sy nitondra ny kitapon'ny dada-toany Toririka sy Jifa, mpilalaon'ny Tanora Milalao Sanfily Toliary (TMST), nisy ny fitaovana filalaovana baolina kitra. Nanomboka kilasy faha-5 no nilalaovany kitra sy handball. Nomarhany fa tsy nisy sekolin'ny baolina kitra tany Toliary fa

mizara roa avy hatrany eny ambony kianja ny mpifanandrina (foot à 11). Tsy misy fe-potoana hiravana fa rehefa reraka vao mijanona ny lalao. Tany midadasika sady ngeza tany Antsiratra no nilalaovana. Ekipa nitany ny toeran'ny vodilahrana afivoany voalohany ny TMST, noho ny fananany halavana 185 sm sy habe 85 kilao. Rehefa nanao raharaha miaramila dia nanantevin-daharana ny ekipan'ny COSROM 5 Toliary. Niakatra teto Antananarivo dia nilalao roa taona tamin'ny COSFAP (1987-1989). Nifindra tamin'ny ekipan'ny HOMI ny taona 1989. Ekipa maro no notetezina avy eo, tsy teto Madagasikara irery ihany fa hatrany ivelany : - JSM Mandrangobato (1990) - Club S Namakia (1991) - Jos Nosy be (1992) - Cimelta Jeumont (1993) - FC BFV (1994 - 1999) - Red Star Seychelles (2000) - St Louis La Réunion (2001) - AS AS Rivière Sport La Reunion (2002 - 2006). Nanomboka tamin'ny taona 1992 ka hatramin'ny 1993 dia nanantevin-daharana ny ekipam-pirenentsika, niatrehany ny lalaon'ny nosy voalohany taty Seychelles. Anisan'ny fialamboliny amin'izao fotoana izao ny manao "vétérans" sy mitondra ny zanany miko-

aris rafaly



Vodilahrana afivoany tsy azo vazivaziana !



Tsy misaraka amin'ny ankohonany rehefa mikotrana.

TSIPAKA

Manoloana an'ilay lalao famaranana goavana tamin'ny taranja kanetibe, notanterahina tany amin'ny kianjan' Ampasambazaha tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo iny, izay nisian'ny "score tatakabe" 13 no ho 00, dia nitondra fanazavana ny mpitantana ny klioban'ny BIC Ambohimahasoa, niharan'ny faharesena, izay voakiana sy voaenjika fa voavidy vola ka nanome lalana ny mpifanandrina tamin'ny nahazo ny fandresena.

Miongo-bolo !!!

Notsipahany marindrano ny filazana fa namidy tamin'ny klioban'ny ABMI Analamanga ny "partie", nahazoany ny fandresena, na teo amin'ny ny lalao manasa-dalana tany Antsirabe izany na tamin'ny lalao famaranana tany Fianarantsoa. Nanteriny fa mety tsy fitandremana aratekinika sy tsy fahombiazana, na faharerahana no nianjady tamin'ny mpilalaony fa diso ny fanasoketana ho nivarotra "match", izay efa mahazatra ny sofina ny mandre an'izany rehefa tojo faharesena amin'ny fifaninanana ara-panatanjahan-tena fa tsy ny taranja kanetibe irery ihany. Mangataka amin'ny mpankafy kanetibe ny tomponandraikitra mba ampianona ny fanasoketana ny atleta ho nanao hadisoana tsy mifanaraka amin'ny fanaovana fanantanjahan-tena. Nisy mihitsy aza fianianana natao fa tsy mivadika tamin'ny filohamboninahiny ny mpilalaony, izay nialany tsiny ny fanononana ny anarany. Tamimpanajana no niangaviana ny mpitia an'ity taranja ity, hanajanona ny "commentaires" fa manimba ny fanasoketana ny atleta sy ny fianakaviany. Tsy vahiny amin'ny sofina ny fandresenana fanasoketana tahaka izao amin'ny fifaninanana ara-panatanjahan-tena, hoy izahay etsy ambony. Ho an'ny kanetibe manokana dia lasa lavitra mihitsy ity resaka fanasoketana ity, rehefa tojo faharesena amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena. Voaenjika tantarakana ny atleta ho manankarena tampoka amin'ny famarotana "match". Malaza mihitsy ilay fitenenana hoe : "Aleo mitondra Euros na Dolara mody, toy izay medaly volamena tsy ahatonga lavitra amin'ny fiainana". Mahalasa saina tokoa fa misy miova ao anatin'ny fotoana tsy ampoizina ny fiainan'ny atleta. Eto amintsika dia mbola sarotra ny fanaovana fanadihadiana amin'ny fahazoana harena tsy fanta-pihaviana tampoka toy izany, kanefa tokony apetraka amin'ny toetsain'ny mpanao fanantanjahan-tena hatrany fa ny alika aza hono miongo-bolo rehefa mihinana ny namany. aris rafaly

Kitra - AJESAIA

Tafita amin'ny dingan'ny ampahavalon-dàlan'ny T.C.M

Nahazo ny tapakila amin'ny hiakarana amin'ny dingan'ny ampahavalon-dàlana amin'ny "Telma Coupe de Madagascar 2024" ihany ny ekipan'ny AJESAIA Bongolava, rehefa nanintsana ny ekipan'ny Fanahisoa-n'i Toamasina tamin'ny fandakana "tirs au but" 4 no ho 2, tany amin'ny kianja manarapenitri Barikadimy. Nandritra ny fe-potoana aradàlana 120 minitra nilalaovana, dia nisarakana ady sahala 2 no ho 2 ny ekipa roa tonta. Teo ampialansasatra dia efa nitarika tamin'ny isa 2 no ho 1 ny tompon-jaridaina. Efa betsaka teto no nihevitra ny mpijery baolina tany antoerana fa tsy ho lasa lavitra toy ny tamin'ny fifaninanana "Pureplay Football League 2023 - 2024" ity ekipan'i Tanikatsaka Itaosy ity. Rehefa nifoha tamin'ny torimasony ny mpilalaondRabry sy Tantely "Gaucher", dia nahatafiditra baolina faharoa, nanasahala ny isa teny amin'ny tabilao i Anto-



Miezaka ny hanenjika ny vitan'ireto zokiny ireto !

nio. Marihina fa "coup franc" nodakan'i Rapà no nito-koan'ny AJESAIA voalohany. Momba ny "tirs au but" dia azo lazaina fa sangan'asan' i Gôjy mpiandry tsatoby, niverina amin'ny toerany fahiny, no nahazoan'ny ekipany fandresena. Voalazan'ny mpanatrika fa "Homme du match"

mihitsy ny lehilahy tamin'ny fihaonana iny satria nisy ny baolina voatohiny. Hanarina ny lesoka teo aminy Mikasika ny fanatanteharana ny "Play Out", natokana ho an'ireo ekipa mitana ny laharana efatra farany tao amin'ny "Conférence Nord", ahitana ny

USCAFoot Analamanga - COSFA Analamanga - KFCA Diana - AJESAIA Bongolava, sy ny "Conférence Sud", misy an'ny DATO FC Farafangana - MAMA FC Itaoy - CFFA Analamanga - INATE FC Rouge Vakinankaratra, hijanona amin'ny fifaninanana " Pureplay Football

League ", dia milaza ny hanarina ny lesoka teo aminy ny AJESAIA ka manomana mafy an'ity fifaninanana ity. Toy ny ekipa misedra fahasahiranana amin'ny lafiny ara-bola dia tsy afa-miala amin'izany ihany koa ity ekipa ity. Tsy vitan'ny resa-bola ihany no lesoka tamin'ny fa teo amin'ny mpilalao andriny koa (cadres), izay maro no niondrana any ivelany, ankoatra an'ireo nalain'ny ekipa vaventy eto antoerana. Ankoatra an'i Gôjy, dia anisan'ny mbola miaro ny voninahin'ny ekipany hatramin'izao i Ra-Pà (irk. havanana) sy Sitraka (kap - P.6) ary Kevin (P.10), manatevin-daharana an'ireo mpilalao zandriny toa an'i Fano (goal keeper) - Antonio (irk.havia) - Elysé (vdl.havanana) - Ariel (vdl.havia) - Kennedy (irk. havanana) - Faneva (P.6) - Joba (mpanafika) - Diary (vdl) - Mika (vdl) - Arnaud (P.10) - Carlos (P.6) - Faneva (P.6) - Pà Kely (vdl.havia). aris rafaly

Padel - "Orange MPPTour Performance"

# Moniteurs sy mpilalao 46 no nampiofanin'i Julien Bondia

Hahafahan'i

Madagasikara mifaninana tsara amin'ireo Nosy rahavavy sy ny any Afrika Atsinanana no tanjona amin'izao fampiofanana izao.

Moniteurs 16 sy mpilalao 30 no nampiofanin'i Julien Bondia, mpanazatra iraisampirenena, ho an'ny taranja Padel. Nofaranana tamin'ny fizarana "certificat" izany ny talata lasa teo tetsy amin'ny Lamakoo Padel Center Ambatobe. Ho fampivoarana ny lentan'ny Padel Malagasy, ny Orange Malagasy Pro Padel Tour "Orange MPPTour" dia niketrika ilay tetikasa "MPPTour Performance". Tafiditra ao anatin'izany ity fampiofanana narahana tamin'ingahy Julien Bondia ity. Naharitra teo amin'ny 2 herinandro teo izany, ka ireto "Moniteurs" 16, izay atsasakin'ny moniteurs Malagasy niaraka



Nandritra ny lanonam-pamaranana ny fampiofanana tetsy Ambatobe.

tamin'ireo mpilalao no nozarainy traikafa. Nifangaro ny fampiofanana ka tao ny ho an'olo-tokana ary nisy ny fampiofanana mitambabe, izay hapiakarana ny haavo teknika ny Padel Malagasy no tena tanjona. "Tsy nampoizina ny hafanam-po an'ireo mpilalao, hita mihitsy ny fahavononany hivoatra", hoy i Gary Ah-Way, tompo-

nandraikitra voalohany eo anivon'ny Orange MPPTour. Efa mieritreritra sahady ny fampiofanana manaraka eto moa ity mpanazatra ity ka mba ho voamarina sy hankatoavin'ny iraisampirenena ireo Moniteurs mpiofana. Nanome voninahitra ity lanonana ity ny Tale Jeneralin'ny Orange Madagascar, Frédéric Debord,

Directeur Général d'Orange Madagascar, izay naneho ny hafaliany noho ny fiarahamiasan'izy ireo sy ny MPPTour ary ny MPPTour Performance. "Ho an'ny Orange Madagascar dia tsotra ihany, ny mitarika ho an'ny fampandrosoana ny padel eto Madagasikara", hoy inaghy Tale Jeneralny. **Rabenaivo**

Kitra - "Tournoi inter-média"

# Nanolotra baolina sy mpitsara lalao ny CFEM sy ny Ligin'Analamanga

Herinandro eo sisa, higadona ny fotoana hanatanterahana ilay « Tournoi inter-média ». Ny taranja Basketball mixte sy ny Baolina kitra lalao-olona 7 no hifaninanana amin'izany, handraisany ekipa avy amin'ireo haino vaky jery eto an-dRenivohitra sy any amin'ny faritra vitsivitsy anjara. Taorian'ny federasiona malagasy ny basketball, nanolotra baolina 4 ihany koa ny CFEM hahafahan'ny OJM mpikarakara hanatanteraka ilay hetsika. Ankoatra izay, ny ligin'Analamanga no hanome ny mpitsara ny lalao, isorohana ny mety ho disadisa sy fimenomenonana amin'ny fanapahankevitra raha toa ka tsy itony matihana itony no nalaina. Omaly tetsy Andoharanofotsy no nahafantarana izany, izay tafiditra anatin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny holafitry ny mpanao gazety sy ny filohan'ny CFEM sady filohan'ny ligin'Analamanga, Rakotoarimanana Henintsoa moa izany. Mahakasika ity « Tournoi inter-média » andiany fahatelo ity ihany, mahatratra 36 ireo mpandray anjara ka 26 ny baolina kitra raha 10 ny mpandray anjara eo amin'ny basketball. Efa anatin'ny fandinihana ireo antontan-taratasy voaray ny mpikarakara hatramin'ny omaly, havoaka eny amin'ny tambajotran-tserasera izany hahafahan'ny rehetra mahita sy manao fanamarihana izay mety mpilalao tsy tokony handray anjara. Marihana, tsy hisy intsony ny fanaovana fitarainana rehefa raikitra ny fifaninanana.

Rabenaivo



Baolina 4 sy mpitsara lalao mandritra ny hetsika no natolotr'i Rakotoarimanana Henintsoa ho an'ny OJM.

## PASI PASI

Razanajatovo Gildas André

# "Sady fialamboly no fitaizam-batana ho an'ny fianakaviany ny spaoro"

Baolina kitra no nanombohany nanao spaoro, nanao karate avy eo ary notohizany tamin'ny Muay thai taorian'izany. Ny zanany ihany koa dia manana ny toerany eo amin'ny haiady kickboxing sy Muay thai. Ity fianakaviana ity no hampahafantarina eto amin'ny PASI PASI anio.

**Gazetiko** : Anarana feno  
**RGA** : Razanajatovo Gildas André  
**Gazetiko** : Firy taona dia mbola manao spaoro ve?  
**RGA** : Teraka tamin'ny 13 aogositra 1964 ny tenko ary mbola manao spaoro, Muay thai hatramin'izao  
**Gazetiko** : Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro?  
**RGA** : Nanomboka kely aho no nanao spaoro, taranja iraisana (baolina kitra). Teo amin'ny faha- 15taona kosa dia nivadika nanao karaté ka nahazo ny tepana mainty 1er Dan. Nanao Muay thai indray nanomboka tamin'ny 1992 hatramin'izao.  
**Gazetiko** : Firy ny zanakao dia manao spaoro daholo ve?  
**RGA** : 6 mianadahy ny zanako dia samy manao spaoro daholo.  
**Gazetiko** : Noterena ve sa anatin'ny ran'izy ireo ny spaoro?  
**RGA** : Tsy noterena fa mino aho fa anatin'ny ra an-dry zareo. Nahita ahy nikotrana dia mba nanaraka ary taty aoriana nanontaniana hoe



Tena nitondra vokatsao ho an'ity fianakaviana ity ny fanaovana spaoro.

hanao spaoro ve dia nanaiky izy ireo fa hanao spaoro.  
**Gazetiko** : Efa nisy voantso handrafitra ny ekipampirenena ve ny zanakao?  
**RGA** : Efa voantso daholo. Ny vavimatoa dia mpitsara katrokady, ny zanako faharoa dia efa nandrafitra ny ekipam-pirenena Kickboxing sy Muay thai. Toy izany koa ny zanako fahatelo, efa ekipam-pirenena tamin'ny kickboxing sy Muay thai.  
**Gazetiko** : Ahoana izany

hoe fianakaviana miaraka manao spaoro izany?  
**RGA** : Mahafinaritra izany hoe fianakaviana miaraka manao spaoro izany. Ho anay manokana dia tsy misy hoe Ray aman-dreny sy zanaka rehefa manao spaoro fa samy mipetraka amin'ny toerany tsara fotsiny ihany.  
**Gazetiko** : Inona no fialambolinareo mianakavy?  
**RGA** : Ankoatra ny spaoro dia ny miaraka mivoaka kely sy mikotrana rehefa misy

fotoana.  
**Gazetiko** : Fanentanana ataonao ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro?  
**RGA** : Apetrako foana fa tsara ny miaina anatin'ny spaoro satria sady fitaizam-batana no fialamboly. Manampy amin'ny fanalana stress ihany koa. Manasa fianakaviana hanao spaoro, hoento anatin'ny spaoro ny zanaka sy fianakaviana fa mahafinaritra sady mahaso izany. **Rabenaivo**

## Ako samihafa

Judo - Tompondakan'i Afrika

# Anio no hiaka-tsehatra ny solontenantsika

Hiditra an-tsehatra anio atsy Le Caire Ejipta ny solontenantsika any amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, eo amin'ny taranja Judo. I Ralevazaha Natacha ho an'ny latsaky ny 48 kilao sy Rakotonandrasana Angelo, eo amin'ny latsaky ny 60 kilao no hisantatra izany. Mbola manana solontena mirahavavy koa isika amin'ny alalan'i Christiane Vital, eo amin'ny latsaky ny 52 kilao sy Laura Rasoanaivo ho an'ny latsaky ny 70 kilao. Ity farany moa no tena andrasantsika ny vokatra satria izy no manana herijika hahazoana ny tapakila handehana any amin'ny Lalao Olympika. Tsihivina, tafiditra anatin'ny fifanitsanan'ny JO izy ity, ka miankina amin'ny voka-dalao eo no hamantarana ny tohiny.

Volley - Analamanga

# Mitohy ny fifaninanana

Hitohy amin'ny faran'ny herinandro izao ny fiadiana ny tompondakan'Analamanga, eo amin'ny taranja Volleyball. Ho an'ny diviziona voalohany lehilahy dia fihaonana 6 no voalahatry ny ligy hotanterahana. Anisan'ny hifanandrana etsy amin'ny kianja ex-génie ny Cosfa sy ny Gnvb2. Azo antoka, hanarina ny faharesena nhzo azy nanoloana ny Gnvb1 ny Miaramila. Ny Gvb1 izay hanafika ny Mvbc etsy amin'ny kianjan'itaosy ny faran'ny herinandro izao. Toy izao no fandaharan-dalao rehetra.  
 1DM : 27/04 - Kianja LTC : Mama # Bkmv. 28/04 - kianja Itaosy : Asi1 # Asi3, kianja ex-génie : Cosfa # Gnvb2, kianja Itaosy : Esvba # Pôle, Kiaja Saint Michel : Assm # Vbcd, Kianja Itaosy : Mvbc # Gnvb1.

Rabenaivo

Sarisary zary tenany

Ody kankana

Hatsikana an-tsary

Mijery




Masoandro iposaka

Lioka 11:33

33 Tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao an-davaka, na ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro izy, mba ho hitan'izay miditra ny mazava.

Indray mipika

VOALAVO MIANDEHA ALINA, TSY NY TANU ALEHA NO MAHAMAIKA FA NY FANAHY RATSQ.




Nanantosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05



Tantara mitohy MPEZAHALAHY



Chabolana



Aza mandidy ambonimbankona

Ne donnez pas des ordres sans y être autorisé par vos supérieurs (ou contre l'autorité d'un supérieur).

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3228

8	6		2	7				5
	7		4					6
					5	1		9
			7	2	4			
							1	6
	9	4				5		
		9			7			1
2		8		6	3			9
	3						6	5

Valin'ny laharana 3227

3	1	4	6	8	2	9	7	5
2	6	7	9	5	3	1	8	4
8	9	5	7	4	1	2	6	3
4	8	1	2	9	7	5	3	6
9	5	3	1	6	4	8	2	7
6	7	2	8	3	5	4	1	9
1	2	6	4	7	9	3	5	8
5	4	8	3	1	6	7	9	2
7	3	9	5	2	8	6	4	1

TENY MIAFINA N° 828

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika. Vakiana tsotra ny valiny.

Grid of letters for Teny Miafina N° 828

04 litera

Val in'ny teny miafina 827 : LALIMENA

Kakuro 827 grid with numbers

VALIN'NY TENY MIRANDRANA Lah. 7853 TOROVANA • A RAINAO • N • H O • • EL • NDAO SATROKAI • A A • • AP • • K • N N • ONITRA • A ANDANI AKO • R • I • I • VONO E • N • • • A • J • O • IVOHONAI

LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambaro dia ho hitanao ny valiny

Word list for Lalao: Telomiova

Word list for Lalao: Telomiova (continued)

- Valin'ny lalao omaly : - MAMALIA - EKENAI

NY TONONANDRONAO ALAKAMISY 25 APRILY 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

Ataovy ohatra ny amin'ny manaraka ny lesoka tsy nety nataonao

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Na diso ary ianao dia mendrika famelan-keloka avokoa ny tsirairay FITIAVANA: Aza variana miandry ny hiverenan'ny efa lasa ianao, fa mandehana banjino ilay ho avy mba hamiratra

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Efa hita matotra amin'ny asa ianao FITIAVANA: Efa nihezaka nitia azy ianao fa izy mihitsy no tsy tamana?

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Aza mifaly aloha raha mbola tsy tomombana tsara ny zava-drehetra FITIAVANA: Lazao azy oe tia azy koa ianao

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

ASA: Efa tsara ny ezaka vitanao FITIAVANA: Tsy misy tantaraina raha ny aminareo roa satria tena lafatra tokoa

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

ASA: Hisy olana kely ianao anio saingy raha mailo ianao dia mety tsy ho tojo anao izany FITIAVANA: Aza diso manankina ny rehetra aminy ianao fa mba manana ny zavatra ataony ihany koa izy

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

ASA: Hioty fahasambarana be ianao ao am-piasana anio FITIAVANA: Tolory fanomezana izy na dia kely aza fa vokatra ny fonao

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Tafita ianao raha mitohy izao ezaka ataonao izao FITIAVANA: Tsy ianao irery ny olon-tian'ny sakaizanao fa misy hafa any ambadika any

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Rehefa mifantoka tsara ianao ao am-piasana dia ho hitanao fa vetivety ny tontolo andronao FITIAVANA: Aza kivy fa tsy misy very anjara izany

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Tsy anio ihany ianao no mila mihezaka fa mila mihezaka foana ianao mandrakizay FITIAVANA: Ny anareo no tapitra atreto fa ny fiainana kosa mitohy foana

Adaoro 15 febroary - 15 martsa

Raiso ireo toro-hevitra izay hitanao fa mahasoa anao


Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

Miezaha foana ianao manolotra fitiavana ho azy fa tsy ho anenenanao izany

TENY MIRANDRANA Lah. 7854

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

Word list for Teny Mirandrana Lah. 7854



KAKURO 8278

Kakuro 8278 grid with numbers

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

Word search puzzle with letters and symbols

Valin'ny lalao omaly


MIKASA HAKA MPIASA MAROMARO

TENY MIDINA

- 1. Tovona
2. Kila
3. Tiana
4. Manasazy
5. Manabanga

Valin'ny TENY MIDINA omaly

- 1. SA
2. ASA
3. SAHA
4. HASOA
5. SABOHA




DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



TONDRO-TENY



Valin'ny tondro-teny omaly


Word list for Tondro-teny omaly

MAHASOA

Raha tiantsika ho tehirizina maharitraritra kokoa ary ny voankazo toy ny paoma, voaloboka, poara, sns... dia ataovy anaty " panier " dia ampiaraho amin'ireny " bouchon " amin'ny divay ireny ireo voankazo, io no mitroka ny hamandoana izay mety hanimba azy.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny lalao omaly : HAVOANA + VORETRA + NOFINAY = VOAREFY

Sadaikatra sady gaga ireo mpianatra 6 na 7 taona. Mihaino ny tantaran'ny nahaterahan'i Jesoa Ka rehefa niteny ilay mpianatra fa tsy nahita toerana tany amin'ny hotely i Zozefa sy Maria tamin'ny nahatongavany tany Betlehema dia nisy feo kely nivoaka tamin'ireo mpianatra. Hadisoan'i Zozefa anie izany fa tokony nanao famandrihan-toerana izy e, hoy ilay ankizikely nanizingieina sy nanameloka.



Ady tany

# Raikitra ny fandravana trano teny Soavina Atsimondrano

Raikitra ny fandravana trano teny Soavina Atsimondrano. Tonga vao maraina nana-tanteraka didy manala ny olona mipetraka eo amin'ny tany iray mirefy 17 ha tao amin'ny fokontany Analapanga, kaominina Soavina Atsimondrano ny vadintany, afak'omaly talata, 23 aprily teo. Araka ny loharanom-baovao azo avy eny antoerana, tokantrano maromaro, nahitana trano biriky roa, trano hazo telo, « salle de musculation » ary trano fiompiana maromaro no lasibatry ny fandravana tamin'izany. Araka ny loharanom-baovao hatrany, dia tsy nanam-potoana niomanana tamin'ny fahatongavan'ireto olona nandrava ny tranony ireto akory izy ireo, satria ny harivan'ny alatsinainy 22 aprily vao naharay ny taratasy milaza, fa ho avy hanatanteraka didy fandravana ny trano ny tompon'ny tany miaraka amin'ny vadintany ny talata 23 aprily. Izany hoe : ny alatsinainy hariva no tonga ny fampandrenesana ary tonga dia niditra tamin'ny fandravana ny ampitsa talata. Araka izany dia tsy nanam-potoana hiomanana akory ireto olona rava trano ireto fa nitaintaina niandry ny figadon'ny vadintany fotsiny sisa. Tsy nisy resaka, fa tonga dia niditra tamin'ny fandravana ireto



Sary azo nandritra ny fandravana trano teny Soavina, ny talata teo.

farany. Na izany aza, tsy vita hatramin'ny farany izany fandravana izany, fa nijanona tao amin'ireo trano biriky 2 sy trano hazo 3 ary trano fiompiana voalaza tetsy ambony ihany. Fantara manko fa misy tokantrano manodidina 16 eo ary tsy latsaky ny 60 ny olona monina eo amin'ilay tany, amin'io tany voakasika io miampy trano fivavahana iray. Nanome fe-potoana 30 andro hialàna eo amin'ny tany moa ireo olona tonga nandrava trano ireo. Ary nampanaoviny sonia mirakitra izany ireo olona hitany tao araka ny loharanom-baovao hatrany.

**Naneho ny alahelony**  
Manoloana an'izao tranga izao, nitaraina sy naneho ny alahelony Ramatoa Rasorimalala Hanitra Véronique, izay nilaza fa isan'ireo mpandova amin'io tany io, raha nisolo tena an'ireo olona rava trano teny amin'ny fokontany Analapanga, Kaominina Soavina Atsimondrano. *“Efa nonina sy nanajary an'io tany io nandritra ny 40 taona izahay satria efa tamin'ny taona 1894 no nipetrahana teo saingy tsy nety nahavita ny taratasy, ka izao no niafarany.”*, araka ny fanazavany. Nomarihin'ity farany anefa, fa mbola misy dosie mika-

sika an'io ady tany io eny amin'ny fitsarana amin'izao fotoana izao. *“Ekena fa efa nisy “certificat de situation juridique” nivoaka, misoratra amin'ny anaran'ilay nividy ny tany amin'izao»,* hoy izy. *“Efa resy ihany koa izahay tamin'ny fangatahana fanafoanana ny tita teny amin'ny fitsarana”.* Namafisiny anefa, fa mbola miandry ny tohin'ny “Appel” farany nataony teny amin'ny fitsarana mikasika io raharaha io izy ireo amin'izao kenefa izao tratran'ny fandravana izao. Andrasana araka izany ny tohiny.

Niry R.

FEPA

# 135 ireo mpandray anjara etsy amin'ny MPE Nanisana

Ho tanterahina manomboka anio ary haharitra 4 andro etsy amin'ny MPE Nanisana ny hetsika FEPA na foaraben'ny fiompiana andiany faha-16. Hisy ny fampirantiana biby velona isan-karazany, famelabelarana arahina adivevitra, fampifandraisana mivantana ny mamatsy sy ny mpamokatra, torohevitra ara-teknika maro samihafa, kilalao isan-karazany hahazoana loka ary famarotana ireo vokatra ny tantsaha. Misy 135 ireo mpandray anjara ka anisan'ny hampivavaka ity andiany ity ny fampidirana karazana biby hafa. Nahitana solontena avokoa ny isam-paritra izay manan-karena tokoa raha isika eto Madagasikara. Hisy ihany koa ny famelabelarana arahina adivevitra izay tsy misy sarany ny fanatrehana izany araka ny voalaza. Izay rehetra maniry handraharaha ao anatin'ny fiompiana rehetra tokony ho tonga mandritra ireo fotoana ireo satria ho betsaka ny traikefa sy ny fifanakalozana eo amin'ny samy mpiompy. Efa manomboka manan-karena sy mampiditra karazana biby vaovao ihany koa isika eto ka raha tsy te ho faty antoka, aleo dieny vao manomboka dia miezaka mitrandraka. Marihina fa 1000 Ar ny fidirana ao amin'io hetsika izay efa andrasan'ny maro io.

Nath

Maritampona- Tsiroanomandidy

# Mpandroaka sarety norobain'ny dahalo, lasa ny omby 8

Mpandroaka sarety miisa 4 no notafihan'ny dahalo, nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika, toy ny basy tao amin'ny Fokontany Antanetibe, kaominina Maritampona ny alin'ny Talata lasa teo, tokony ho tamin'ny 8 ora alina. Nanapoaka basy ireo dahalo ary tsy afaka nanohitra ireo mpandroaka sarety. Ombin-tsarety 8 no nalain'ireo dahalo, ary mbola tsy hita hatramin'izao. Rehefa lasa izy ireo vao afaka nampandre olona tao an-tanàna ireo mpandroaka sarety. Raha tsahivina dia mpandroaka sarety hikarama any Bongolava ireto lasibatra ireto. Mponina avy ao Amboanana sy Morafeno, distrikan'Arivonimamo avokoa izy efa mirahalany lasibatra. Niroso tamin'ny fanarahan-dia ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana ka araka ny vaovao farany dia omby 4 hatreto no efa tafaverina raha mbola karohina kosa ireo ambiny.

Deyland

## Teny rehetra teny




Fitangoronana sy fitohanana tahaka izao ny eny Andra voahangy rehefa tsena.



Nahavita lalana mirefy 800 metatra ho an'ny mponina eny Ambodimita ny depiote Todisoa Andriamampandry.



Atao ny fomba rehetra mba hahafahana mivelona. Mizaka ny tsy eran'ny aina mihitsy.

**ANDALA-NOTSONGAINA**  
Atolotr'i Jacynthe

Ny fahaizana mam-pahalalana dia fananana na harena an-gonina ao an-tsaina, fa ny fahendrena kosa toetra soa enti-miaina amin'ny fampiasana ireo harena sy fananana ireo na kely na be.

Charles RANAIVO,  
Fiainana, n°39, marsa 1932  
Takelaka notsongaina 2\*  
tak. 414

**Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy Havàtsa-UPEM - Laharana 336 - 25 Avrily 2024****MATOANDAHATSORATRA****Tiava vakiboky**

Volana avrily isika. Tsara asian-teny indray manoratra ny fiainan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy « Havàtsa-UPEM »: vita ny 14 avrily 2024 ny FIFIDIANANA izay ho Filoha hitarika ny Fikambanana Havàtsa-UPEM manontolo ato anatin'ny fe-potoam-piasana telo (3) taona. Arahabaina ny Foibe miaraka amin'ireo Sampana velona rehetra nahavita soa izany !

Volana avrily isika. Be ny hetsika tanterahina. Derainay ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina nahavita nikarakara ny TOKOTANY BE (hetsika ara-kolontsaina sy ara-javakanto ary ara-pamoronana). Tao anatin'ny ivelan'ny Lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena no nanatanterahana izany ny 18-19-20 avrily. Nahazo sehatra ny mpanakanto, nomen-kasina ny mpanoratra, nahazo toera-mendrika ny Havàtsa-UPEM. Aman'arivony maro ny mpankafy haisoratra tonga nitsidika, liana ka nanontany sy niresadresaka ary nividy boky.

Fa ny boky iray mantsy no teraka sy tanteraka dia teo ny Mpanoratra izay ny Mpanoratra niezaka nampivady sy nandamina ary nanambatra ny « litera », ny « teny », ny « fehezan-teny », ny « andiny », ny « andalana », ny « toko », ny « fizarana », sy ny sisa. Izay no antony anasongadinana ny andro iray irai-sam-pirenena anindrahindrana ny asany dia ny 23 avrily izany. Ahitana sokajiny maro ny boky toy ny : tantara, jeografia, rakibolana, matematika, fizika, siansa, fampianarana, fivavahana, rakitsary, literatiara, sy ny sisa. Raha io literatiara io no asian-teny dia mbola maro karazana koa : ao ny tantara foronina, ao ny tantara an-tsehatra, ao ny amboaran-tononkalo, ao ny sombintantara, ao ny famakafakana, ao ny angano sy ny sisa.

Hoy ny voalazanay tamin'ny matoandahatsoratra taona vitsivitsy lasa izay : « Fantoeny fantaro ary ny boky tianao sy tokony hovakinao. Tsy ny toe-karena na toe-tany ihany no handrefesana ny fandrosoan'ny firenena iray, fa ny firenena iray matoa mandroso dia satria miroborobo ny vokatra ny fikarohana - ao aminy ; ny firenena iray matoa mandroso dia satria tia fahalalàna ny Mponina ao aminy ary ny firenena iray matoa mandroso dia satria tia vaky boky ny Vahoaka ao aminy. Izay tia vakiboky, tia fahalalàna, meteza ho olo-mandroso! »

Hajaina ANDRIANASOLO

**VAOVAOM-PIKAMBANANA****FIFIDIANANA**

Tontosa ny 14 avrily 2024 ny fifidianana izay ho filohan'ny Havàtsa-UPEM manontolo. Nisy Vaomieran'ny fifidianana nikarakara izany ka tamin'io andro io no nanatanterahana ny fifidianana nataon'ny foibe tao amin'ny Tahala Rarihasina Analakely ary natambatra tamin'izany ny voka-pifidianana azo avy tany amin'ireo Sampana, izay maritana fa efa nanao fifidianana mialohan'io andro io.

Lany tamin'ny fifidianana Filohan'ny Havàtsa-UPEM manontolo Ramatoa ANDRIANASOLO Hajaina Naomy, tamin'ny fianjatoam-bato 95,75%.

Ireto avy ireo Sampana Havàtsa-UPEM nanatanteraka ny fifidianana ka nanamafy indray ny fahatokiana an-dRamatoa ANDRIANASOLO Hajaina Naomy : Antsirabe 100%, Fenoarivo Atsinanana 100%, Fianarantsoa 100%, Betafo 100%, Ankazomiriotra 100%, Miarinarivo 100%, Frantsa 83,33%, Soisy 100%. Ny tao amin'ny foibe kosa dia nanome 94,87 %.

Taorian'ny fifidianana Filohan'ny foibe Havàtsa-UPEM manontolo dia roso tamin'ny fifidianana tsirairay isaka ny fiadidian-draharaha tao amin'ny Birao foibe, ka ireto no lanin'ny maro an'isa handrafitra izany, hiara-hiasa amin'ny Filoha ho an'ny telo taona ho avy :

- Filoha lefitra I : ANDRIAMIHAJA Jean Dolis
- Filoha lefitra II : BAKOLINIAINA Griffine
- Sekretera Jeneraly : RABELAHATRA Fanantenana Fihalaina
- Mpitantsoratra I : NANTENAINARIVONY Lova Miandrisoa
- Mpitantsoratra II : LALARISOA Tianarivelo
- Mpitambola : RAZANAMPAMONJY NARININDRINA Danielle
- Mpitantsoratra ny voka : RAKOTOVAO Mbola Tiana
- Mpanindri-bola : RANDRIANASOLO Barnabès
- Mpiraki-pananana : Randrianantenaina Tinariison
- Ireo Mpanolotsaina miisa dimy (voafaritry ny andraikitra ao amin'ny sata fototra)
  - R'ABEL RASENDRALALAO Hantanoro
  - RAINIHAROMISA Fanjaniaina
  - MBOLARANTO Ramanantsoa
  - RANDRIANTSIMALA Aritra Noinoinarivony
  - RANDRIAMIHAHO Arivelo Vonitsoa H



Maritana fa tendro ifandraisana amin'ny Foibe ireo Filohan-tSampana, ka na dia tompon'andraikitra voalohany any amin'ny toerana iorenan'ny Sampana taritany aza izy dia noraisina ho toy ny Birao Foibe araka ny satafototra. Ireto avy ireo Filohan-tSampana nitarika ny fifidianana tany amin'ny Sampana notarihin'ny :  
-Sampana Havàtsa-UPEM Antsirabe : RAKOTOSOLOFO Serge  
-Sampana Havàtsa-UPEM Fenoarivo Atsinanana : ROBINSON Willy  
-Sampana Havàtsa-UPEM Fianarantsoa : RAKOTOARIMANANA Soloherinjaka Abel  
-Sampana Havàtsa-UPEM Betafo : Nirina Soaharifara

-Sampana Havàtsa-UPEM Ankazomiriotra : ANDRIANOMENJANAHARY Jean Claude  
-Sampana Havàtsa-UPEM Miarinarivo : RADILY Soary Njaka  
-Sampana Havàtsa-UPEM Frantsa : ANDRIAMIARINA Manantsoa  
-Sampana Havàtsa-UPEM Soisy : RAKOTOARISOA Andriantsifaritana Lanto

**HETSIKA TOKOTANY BE**

Ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no nikarakara ity hetsika antsoina hoe tokotany be andiany voalohany ity, izay natao tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy ny fanatanjahantena ny 18-19-20 avrily, ary tanjona ny ampisehoana sy ampiharana na « vitrine des industries culturelles et créatives ». Nandritra ny lanonam-panombohana ny alakamisy 18 avrily no nilazan'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina fa manohana sy miavy hatrany ny Mpanakanto amin'ny lafiny rehetra no antom-pijoroan'ny Minisitera ary anisany omena sehatra lehibe amin'izany ny Mpanoratra, ny Mpanoratra sy ny Mpamaky. Nahazo toerana tsara tokoa ny Havàtsa-UPEM nandritra io telo andro io ary an'arivony ireo mpitsidika nandalo sy nifanakalo hevitra, ka maro an'isa amin'izany ireo Mpampianatra Mpikaroka sy ireo Mpianatra ary ny Mpankafy haisoratra.

**NY FILOHA**

Tsy hainy eto amin'ny GAZETY VALIHA ny tsy hanoratra, hanome sehatra kely ho fiarahabana ny Filoha vao voafidy nametrahana ny Havàtsa-UPEM manontolo indray ny fitokiana hitarika indray ao anatin'ny telo taona ho avy, ity fikambanana zokiny indrindra mikarakara ny kolontsaina aty amin'ny faritra Afrika sy ny Oseana Indiana ity, ho fiarahabana sy firiantsoa ho azy.



Andrianasolo Hajaina Naomy na i HAJAINA amin'ny maha Poety sy Mpanoratra sady Mpikabary. Filohan'ny Fikambanana'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy, Union des Poètes et Ecrivains Malagasy, HAVÀTSA-UPEM izy. Manana ny mampiavaka aza ity Filoha ity eo anivon'ny fikambanana. Ny taona 1996 izy no voaray ho mpikambana tao amin'ny HAVÀTSA-UPEM. Nandalo toeran'andraikitra samihafa tao anatin'ny Birao izy.

Niandoha tamin'ny maha mpitantsonatra, Filoha lefitra ary voafidy ho Sekretera Jeneraly. Ny taona 2015 dia lany ho Filoha izy ary mandraka ankehitriny dia mbola mitantana ny Fikambanana i Hajaina. Nohamafisin'ny mpikambana tamin'ny fivoriam-be tamin'ny latsa-bato miaina izany, ny alahady 14 avrily 2024 lasa teo anivon'ny foibe ary tamin'ny fivoriam-be izay notanterahina isan-tampana teto an-toerana sy tany am-pitan-dranomasina, Frantsa sy Soisy. Manohy ny andraikitra maha Filohan'ny HAVÀTSA-UPEM manontolo azy i Hajaina ka miasa indray mandritra ny telo (3) taona Fe-potoam-piasana voafaritra ao amin'ny Fitisipika fototry ny Fikambanana.

Vehivavy voalohany Filohan'ny HAVÀTSA-UPEM mandimby ireo fito (7) mirahalahy samy andrazain'ny Haisoratra, Akademisianina, Mpampianatra Mpikaroka eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, fantatra amin'ny fahaizany sy ny talentany i Hajaina, Mpiasam-panjakana eo anivon'ny parlemanta. Miavaka amin'ny saina mahataka-davitra amin'ny fampiroboboana ny Soratra sy ny Haisoratra. Manana vina lehibe hatrany dia ny fanaparahana ny teny malagasy eran-tany ary mivov ny tanjona fototra izay manjary teny filamatry ny HAVÀTSA-UPEM dia ny hoe "Velona ho velona ny Teny Malagasy" sy ny tenin'i Di... " Andrianiko ny Teniko, ny an'ny hafa koa feheziko". Voamarina amin'ny fiitaran'ny Sampana hatrany am-pitan-dranomasina, izay i Hajaina no anisan'ny delegasiôna nitokana ny tany Frantsa tamin'ny avrily 2005 ary ny taona 2013 no nananganany ny Sampana Havàtsa-UPEM tany Soisy. Teto Madagasikara kosa, ohatra, dia izy no angady nananana sy vy nahitana ny fitsanganan'ny Sampana Havàtsa-UPEM Fenoarivo atsinanana ny taona 2015, ka ny faka nitsimohany dia ny firesahan'i Hajaina tamin'Andriamatoa Andrianoelison Henri, talem-paritry ny kolontsaina tamin'izany (nodimandro ny taona 2020) ary ny resadresak'izy mianaka no nampanjary ny lanonam-pananganana. Maro ny asa karoka sy ny dingana mampiavaka ireo fe-potoana nifanesy nitantanany ny Fikambanana ka nampiavaka ny fahafantarany olona sy/na fikambanana ara-kolontsaina hafa, indrindra fa ny Minisitera. Be ny zava-bita fa mbola maro dia maro ny asa miandry ny Birao vaovaon'ny HAVÀTSA-UPEM izay tarihin'ny Filoha Hajaina. Be koa ny fanantenana fa hiakatra hatrany ny laza tsaran'ny Fikambanana ary hamokatra sy hiroborobo ny fanandratana ny teny sy ny haisoratra malagasy.

**GAZETY VALIHA****VOAMBOLANA**

**Sarotro** : aro orana vita amin'ny tsihy roa navitrana amin'ny sakany, natao hanaronana ny loha sy ny vatana manontolo.  
*Oh.* : Ny ray aman-dreny no sarotro be fialafana (ohabolana).

**Velivolo** : fivelesana amin'ny fomba mirindra ny volobe, izay akora anaovana zavamananeno, ampiarahina amin'ny ampongalahy mbamin'ny ampongabe.  
*Oh.* : Velona ny velivolo sy tehaka fa malaza ny lanonana.

**Manaroka** : (1) mitsiry vaventy.  
*Oh.* : manaroka tsy misy toy izany anana.  
(2) veriverivry saina, toa tsy mahatsiaro tena.  
*Oh.* : Miriorio sy manaroka fotsiny ilay tovohany nilazan'ny olon-tiany.

**Siranandony** : ny hoditra matevina miraviravy eo amin'ny tratan'ny ombry.  
*Oh.* : Tsy trafo lelafin-komandina, fa ny siranandony misalisaly an-tanimena. (Oha-pitene-nana)

RANJATOHERY Harilala

**FANAZAVANA OHABOLANA**

« Tsy mahaleo ny sarany ny vidiny tahaka ny ondrim-benty mahalany kolokolon-tsasanangy »

Anisan'ny biby tranainy teto amintsika ny ondry. Ankoatra ny henany fihinana dia nampiasaina betsaka tamin'ny fanaovan-tsorona amin'ny fanatanterahana fomban-drazana ihany koa ny ondry. Ny hoe ondrim-benty eto dia ondry novidina venty. Anaram-bola malagasy fahiny ny venty, izany hoe ny ampahenin'ny ariary. Anaram-bola tranainy ihany koa ny sasanan-gy izay ampahatelon'ny ariary. Ny kolokolo indray dia ny tahom-bary mbola mitsiry amin'ny fototry ny vary efa voajinjaka. Atao sakafon'ny biby miraoka ahitra toy ny ombry sy ondry ny kolokolo. Filazana fatiantoka no hitantsika eto : ondry novidina venty ary nokendrena hahazoana tombony, kanjo tsy araka izany fa be lavitra ny masonkarena aminy, ka ho sarotra ny hahazoana tombony be aminy, fa na hisy aza mety ho ambilim-bazana; fatiantoka no azo antoka hitranga, araka ny voalaza eto hoe "tsy mahaleo ny sarany ny vidiny". Io fahatsiarovana fatiantoka amin'ny noheverina ho mety tamin'ny atao io no hevitra fonosin'ity ohabolana ity. Matoa manao zavatra iray ary mahafovy vola aman-karena amin'ny fanaovana izany, dia faniranana ny hahazo vokatra mahafapo na tombony araka izay antenaina. Saingy tsy izany no miseho fa ny mifanohitra aminy. Izany indrindra no ilana ny fandanjalanjana tsara ny tiana hatao mba hisorohana ny mety ho fahavoazana.

RANJATOHERY Harilala

**IZANY MOA ...****NY ANJARA TOERAN'NY RADIO SY NY TELEVIZIONA AMIN'NY FAMPANJARIANA NY FAMPIASANA NY TENY MALAGASY**

Teny velona, miasa, ary azo ampiasaina tsara amin'ny sehatra rehetra ny teny malagasy. Maro an'isa amin'ny Malagasy monina eto amin'ny nosy no tsy mampiasa afa-tsy ny teny malagasy eo amin'ny fifandraisana andavanandro amin'ny lafin-draharaha samihafa. Mbola ny 80%ny olona no toy izany. Mampiasa ny teny malagasy amin'ny endrika aman-toetra mahavantanana azy izy ireny, mety ho araka ny faritra na foko misy azy, mety ho araka ny sokajin'asa, sns. Ny fanononana sy ny hevity-teny no tena ahitana ny fahasamihafana. Tokam-pototra anefa ny teny malagasy, ary tsy miteraka tsy fifankazoam-pitenenana tahaka izay fahita ao Afrika velively akory ny tsy fitoviana sasantsasany eto amintsika. Fifankazarana fotoana fohy ihany eo amin'ireo mifampiresaka no ilaina dia mifankahazo tsara amin'izay lazaina.

**Teny miasa amin'ny radio sy televiziona**

Teny tena miasa amin'ny andavanandro tsika malagasy ny teny malagasy. Sehatra ahitana izany ny radio sy televiziona. Tsy nitsaha-niroborobo ny haino aman-jery eto amintsika taorian'ny nanafoanana ny sivana tany amin'ny 30 taona lasa mahery kely. Endrika roa no mampiseho izany firoboboana izany : ny fitomboan'ny isan'ny radio sy televiziona ary ny fivelarany amin'ny faritra samihafa eto amin'ny nosy. Samy mampiasa ny teny malagasy amin'ny endrika manavanana azy izy ireny, na amin'ny fanolorana fandaharana, na amin'ny fampahalalam-baovao. Na ny hira malagasy alefa amin'ny radio sy televiziona ireny koa dia mbola endriky ny fampiasana ny teny malagasy. Mampiasa ny ankamaroan'ny Malagasy eo amin'ny fiainany isan'andro araka izany ny teny malagasy ampiasaina amin'ny radio sy televiziona.

**Tompon'andraikitra**

Mazava avy amin'izany anjara toerana lehibe sy manokana tanan'ny radio sy televiziona amin'ny fampiasana ny teny malagasy izany fa tompon'andraikitra feno amin'ny fitomboan-kasina na fahaverizan-kasin'ny teny malagasy izy ireo. Ny voambolana malagasy ampiasain'ireo mpanolotra na mpanentana fandaharana no mampitaha sy raisin'ny mpahaino sy mpijery avy hatrany, ampisainy sy lasa mahazatra ny vavany. Raha marina eo amin'ny fanonona sy ny heviny ireny voambolana ireny dia arahaba soa arahaba tsara, fa raha toa kosa tsy araka ny tokony ho izy ny ampiasain'ny mpanolotra na mpanentana fandaharana azy, dia tahaka ny mamafy zavatra diso amin'ny besimiaro. Tena manana adidy hiezaka araka izay azony atao, araka izany, ny anivon'ny haino aman-jery amin'ny ankabobeny amin'ny fanehoam-pahamalinana amin'ny fampiasana ny teny malagasy mba hisorohana ny fahasimban'ny tenintsika. Ohatra fandre matetika amin'ny fahadisoana amin'ny fitenenana teny malagasy amin'ny radio sy televiziona ny amin'ny fampiasana ny « afaka » sy ny « azo ». Raha « afaka » no tokony hampiasaina (ohatra : « afaka manatratra tsara ny tanjona voafaritry amin'ny fampandrosoana ny toekarena isika » - io no fiteny marina -, dia tahaka izao kosa no heno mazàna : « afaka trarintsika tsara ny tanjona voafaritry amin'ny fampandrosoana ny toekarena »). Toraka izany ny « azo » (ohatra : « azo fantarina » no tokony ho izy, manjary « afaka fantarina »). Ankoatra izany ny hoe « voalo » (« nahazo ny laharena voalo... »), raha tokony hoe « voalohany » no lazaina. Tsy ny teny ambara ihany no ahitana ireny fahadisoana miverimberina ireny, fa ny soratra mikorisa eo amin'ny televiziona koa, na amin'ny filazam-baovao, na amin'ny fandaharana samihafa.

RANJATOHERY Harilala

Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy

**GAZETY VALIHA**

Mpanorina : Célestin ANDRIAMANANTENA  
Talen'ny famoahana : Hajaina ANDRIANASOLO  
Tonin'ny fanoratana : RAINIHAROMISA Fanjaniaina  
Tonin'ny mpanampy : Tonia RAMORAVELONA

Komitin'ny fanoratana :  
-RANJATOHERY Harilala  
-RAZANAMPAMONJY Danielle  
-RADOMANANTONINA Tahiriisoa  
-RAHEZARISOA Sannie  
Foibe : Tahala Rarihasina Analakely  
Tel. +261 34 01 367 51  
Mailaka : havatsa.upem@gmail.com